NY TAOM-PIANAGONANA TYATIRA.
Ary soraty ho amin'ny anjelin'ny fiangonana any Tyatira: Izao no lazain'ny Zanak'Andriamanitra, Izay manana maso toy ny lelafo, ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano: Fantatro ny asanao sy ny fitiavanao sy ny finoanao sy ny fanompoanao ary ny faharetanao, ary ny asanao farany dia be noho ny voalohany. Kanefa manan-teny aminao Aho, satria ianao mandefitra amin'ilay vehivavy Jezebela, izay milaza ny tenany ho mpaminanivavy ka mampianatra sady manoloky ny mpanompoko hijangajanga sy hihinana hena naterina tamin'ny sampy. Ary nomeko andro hibebahany izy, nefa tsy mety mibebaka amin'ny fijangajangany izy. Indro, hampandamahiko eo am-pandriana izy, ary izay mijangajanga aminy dia hataoko ao amin'ny fahoriana lehibe, raha tsy hibebaka amin'ny asan-dravehivavy izy. Ary hovonoiko amin'ny fahafatesana ny zanany; ary ny fiangonana rehetra hahalala fa Izaho no mandinika ny voa sy ny fo; ary homeko araka ny asanareo avy ianareo rehetra. Fa aminareo izay sisa any Tyatira, dia izay tsy manana izany fampianarana izany sady tsy mba mahalala ny ataon'ireo hoe "sain-dalin'i Satana", dia izao no lazaiko: tsy hovesarako entana hafa ianareo; kanefa izay anananareo dia tano mafy mandra-pihaviko. Ary izay maharesy ka mitandrina ny asako hatramin'ny farany dia homeko fahefana amin'ny jentilisa; ary hiandry azy amin'ny tehim-by izy ka hanorotoro azy toy ny fanorotoro vilany tany, dia araka izay efa noraisiko tamin'ny Raiko. Ary homeko azy ny kintana fitarik'andro. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana.

TYATIRA.
Ara-tantara, ny tanànan'i Tyatira dia ny kely indrindra niavaka tamin'ny rehetra amin'ireo tanàna fito ao amin'ny Bokin'ny Fanambarana. Izy dia ao amin'ny misy an'i Mysia sy Ionia. Izany dia voahodidina renirano maro, nefa feno dinta. Ny tena mampiavaka hiderana azy dia tsara lavitra izy amin'ny fidiram-bola nohon'ny fikambanan'ny orinasa mpanefy tanimanga, mpanao hoditra, mpanenona, mpandoko lamba, mpanamboatra akanjo fitafy, sns… Avy amin'ity tanàna ity no nisy an'i Lydia ilay mpivarotra lamba volomparasy. Izy no olona noresen'i Paoly lahatra voalohany tao Eoropa.

Ary ny antony fa ny Fanahy no nifidy ity tanàna ity ho toy ilay manana ny zavatra ilaina ara-panahy ho an'ny vanim-potoana fahefatra dia noho ny fivavahana tao aminy. Ny fivavahana lehibe tao Tyatira dia ny fivavahana tamin'i Apollo Tyrimnaios izay niaraka tamin'ny fivavahan'ny amperora. Apollo no andriamanitra masoandro, ary ny manaraka amin'ny fahefana dia ny rainy, Zeosy. Izy dia fantatra tamin'ny anarana hoe: 'mpanala ny ratsy'; Niahy ny lalàna ara-pivavahana sy ny fanavotana izy (midika hoe ny fanavotana, manonitra ny fahadisoana na fahamelohana). Platon nilaza ny momba azy "Nanazava ny olona izy momba ny fanorenana ny tempoly, ny raharaha sy ny sorona atolotra ho an'ireo andriamanitra, afa-tsy ny fombafomba mifandray amin'ny fahafatesana sy aorian'ny fiainana." Nambarany tamin'ny olona ny fahalalany momba ny 'ho avy'sy ny` sitrapon'ny rainy'tamin'ny alalan'ny mpaminany sy ny fanambarana. Tao Tyatira izany fombafomba izany no nitarika ny mpaminanivavy iray nipetraka teo amin'ny seza telo tongotra ary nanambara ny hafatra rehefa diboky ny hafaliana.

Ny fihazonana io fivavahana io dia niavaka. Ny hery goavana tao aminy dia tsy niankina amin'ny

tontolon’ny zava-miafina ihany, fa miankina amin’ny fahafantarana fa tsy misy olona afaka miditra ho mpikambana, manome ny olona ny zavatra ilainy amin’ny fiainana raha tsy mpikambana ao amin’ny tempoly fivavahana tamin'i Apollo. Na iza na iza tsy nety nandray anjara tamin’ny fetin’ny mpanompo sampy izay misy fahavetavetana ara-nofo miaraka dia noraràna tsy hiditra tamin’io firaisana tamin’ny taonjato voalohany io. Mba andraisana anjara amin'ny fiaraha-monina sy ny fiainana ara-barotra, ny olona iray dia tsy maintsy mahay mampiatra ny fanompoan-tsampy.

Tena tsara homarihina fa ny tena dikan’ny anarana hoe Tyatira dia, "Vehivavy Manjakazaka." Noho izany io vanim-potoana io dia miavaka amin’ny hery manjakazaka, hery manafika ny rehetra tsy misy indrafo, mandresy ny rehetra ary mifehy sy tsy refesi-mandidy. Ary ankehitriny, ilay vehivavy manjakazaka no ozona lehibe indrindra eo amin'izao tontolo izao. Ny olona hendry indrindra hitan’izao tontolo izao dia Solomona, ka hoy izy: "Nampiasaiko ny foko hahalala sy handinika ary hitady fahendrena sy izay anton-javatra ary hahafantatra ny faharatsian’ny fahadalana, eny ny fahadalana sy fahaverezan-tsaina, fa hitako fa MANGIDY NOHO NY FAHAFATESANA NY VEHIVAVY, izay ny fony dia fandrika sy harato, ary ny tànany tahaka ny fatorana; izay ankasitrahan'Andriamanitra dia ho afa-mandositra aminy, fa ny MPANOTA ihany no ho azony. Indro, izany no hitako, hoy ilay mpitoriteny, raha nandinidinika ny zavatra tsirairay mba hahitàna izay antony, izay notadiavin’ny fanahiko koa, fa tsy hitako. Lehilahy iray eo amin’ny arivo no hitako; fa vehivavy iray eo amin’ireo rehetra ireo tsy nahita aho." Mpitoriteny 7:25-28. Hoy i Paoly: "Izaho tsy hamela ny vehivavy hampianatra, na MANGALATRA FAHEFANA." Hatrany amin'ny Saha Edena mankaty, ny vehivavy dia niezaka foana ary nahaomby tamin’ny famehezana ny lehilahy, ary amin'izao fotoana izao dia vehivavin’izao tontolo izao sy ny andriamanibavin'ny Amerika, izay vehivavy mitanjaka. Rehefa latsaka avy eny amin’ny habakabaka ilay vehivavy sampy (tsarovy fa ny fitaovam-piadiany dia ireo bara vy) nampiavaka ny taom-piangonana voalohany dia ny Vanim-potoana Efesiana, ka ny heriny dia nitombo mandra-pahazony fahefana tanteraka, toy ny fahefana norobain'ilay toetrany vy.

Eto ary, ny vehivavy dia tsy natao mba hanana toetra vy. Izy, araka ny Soratra Masina dia natao hanaiky ny lehilahy. Izany no nandidiana azy. Ny vehivavy izay tena vavy, ny vavy rehetra dia ho amin’izay toetra izay. Tsy hoe famafan-tongotra eo am-baravarana. Tsy misy tena lehilahy manao ny vavy ho famafan-tongotra. Fa ny ilainy dia ny ho eo ambany fahefana fa tsy hanapaka ny lehilahy, fa izy no lohan’ny trano. Raha mamotika izany sary nanaovan’Andriamanitra azy izany izy dia niala tamin’ny fahamarinana. Ny lehilahy izay mamela ny vehivavy haka ny fahefana ihany koa dia namotika ilay sary ary izy dia niala tamin’ny marina. Izany no mahatonga, ny VEHIVAVY DIA TSY MAHAZO MANAO IZAY ANANAN’NY LEHILAHY NA MANAPAKA NY VOLONY. Tokony tsy hanao na oviana na oviana akanjo izay momba ny lehilahy, na manapaka ny volony. Ny zavatra ataony dia mitsofoka ao amin'ny sehatry ny lehilahy maka fahefana sy mampiodina ny tenany. Ary raha misy vehivavy miakatra avy hatrany ny pilipitra izay efa NODIDINA FA TSY AZONY ATAO IZANY, dia mampiseho ny fanahy ao anatiny. Ny vehivavy manjakazaka dia vavy antikristy ary ny taranaky ny Eglizy Katolika Romana dia ao aminy na dia mety handà izany fatratra aza izy. Fa REHEFA TONGA AMIN’NY NY TENY, Aoka Andriamanitra ho marina, ary ny tenin’ny olona lainga. Amen.

Andeha isika hiverina any am-piandohana. Ao amin’ny famoronana tany am-boalohany ara-batana araka ny efa fantatsika amin'izao fotoana izao, Andriamanitra nanao ny zavatra rehetra tsiroaroa, lahy sy vavy. Nisy akoho roa-- akoho lahy sy akoho vavy. Nisy biby fiompy roa, ny ombivavy sy ny omby lahy. Ary nanaraka izany hatrany hatrany. Fa rehefa nahakasika ny olona, dia iray ihany no nisy. Fa tsy roa. Adama dia efa natao araka ny endrik'Andriamanitra. Izy dia zanak'Andriamanitra. Amin'ny maha-zanak'Andriamanitra azy dia tsy afaka halaim-panahy izy ka ho lavo. Tsy mitombina aminy izany. Noho izany Andriamanitra dia naka tao amin-dralehilahy mba hahatonga ny fahalavoana. Ny vehivavy tsy mba avy dia tonga avy amin'ny tànan'Andriamanitra ho toy ny tena vokatra avy

amin'Andriamanitra. Izy dia vokatra avy amin'ny lehilahy. Ary rehefa nahatonga azy mba ho entina mivoaka avy amin'ny lehilahy Andriamanitra, dia nisy fiavahana be tamin'ireo vavy hafa izay Noforoniny. Afaka ny ho voafitaka izy. Tsy misy zavaboary hafa tamin'izay noforonina no vavy ratsy fitondran-tena; fa ny olombelona vehivavy dia azo kasihina amin'ny fotoana rehetra. Ary izany fahalemena ao aminy izany no namela an'i Satana mba hamitaka azy tamin'ny alalan'ny menarana, ary nitondra ny vehivavy eo amin'ny toerana hafahafa eo anatrehan'Andriamanitra sy ny Teniny. Izy no karazan'ny zavatra mirefarefa rehetra, ratsy sy maharikoriko amin'ny lafiny iray, ary amin'ny lafiny iray hafa izy dia ny karazana zavatra rehetra madio sy tsara tarehy, ary masina tahaka ny fitoeran'ny Fanahy sy ny fitahiana avy amin' Andriamanitra. Amin'ny lafiny iray izy dia antsoina hoe ilay vehivavy janga izay mamon'ny divain'ny fijangajangana. Etsy ankilany dia atao hoe ny Ampakarin'i Kristy. Amin'ny lafiny iray dia atao hoe Zava-miafina Babylona, ny fahavetavetana eo anatrehan'Andriamanitra; ary amin'ny lafiny iray hafa izy dia antsoina hoe Jerosalema Vaovao, ny renintsika. Etsy andaniny izy toa adala sy ratsy fanahy ary vetaveta ka ny hiafarany dia hatsipy any amin'ny farihy afo, izay hany toerana mendrika ho azy; ary amin'ny lafiny iray hafa izy dia hasandratra hatrany an-danitra, mizara ny tena seza fiandrianan'Andriamanitra, izay hany toerana mendrika ho an'ny mpanjakavavy.

Ary amin'izao vanim-potoan'ny fiangonana Tyatira izao izy dia VEHIVAVY MANJAKAZAKA. Mystery Babylona izy. Izy no ilay vehivavy janga lehibe. Izy no Jezebela mpaminanivavy sandoka. NAHOANA? Satria ny tena vavy dia manaiky an'Andriamanitra. Kristy no ho lohany. tsy manana teny afa-tsy ny Azy izy, tsy manana eritreritra afa-tsy ny Azy izy, tsy manana fitarihana afa-tsy ny Azy. Ahoana anefa ny momba ity fiangonana ity? Izy no nandroaka ny Teny, namotika ny Baiboly sy ny ezaka nataon'ny tsara fanahy. Novonoiny ireo izay mitory ny fahamarinana. Nalainy ny mpanjaka, andriana sy ny firenena-- manara-maso ny tafika ary miziriziry fa izy no tena vatan'i Kristy, ary ny papa ao aminy no solotenan'i Kristy. Izy dia tena fitaky ny devoly tanteraka ka lasa mpamitaka ny hafa. Izy no ampakarin'i Satana ary niteraka ny fivavahana Zazasary.

Tamin'ireo Vanim-potoanan'ny Haizina rehetra diia nanjakazaka izy. Fa sivin-jato taona mahery izy no nandringana sy namabo. Novonoiny ny zavakanto, noravany ny siansa, tsy niteraka afa-tsy fahafatesana ka saika efa lasa tanteraka fahazavan'ny Fahamarinana ary ampahany kely ihany tamin'ny mazava sisa tavela. Ny diloilo sy ny divay efa saika nitsahatra ny firoboroboany; fa na dia nanjakazakany aza izao tontolo izao ary notakiany ny olona rehetra mba hahita ny zom-pirenena ao aminy, nisy vondrona kely izay an'Andriamanitra sy ny zom-pireneny dia ao an-danitra, ary izy ireo dia azony haringana. Andriamanitra miahy ny ondry Vitsiny; tsy azo haringana izy ireo. Io Fiangonan'i Rôma io dia tahaka ny jentilisa ary ratsy fanahy toy ny Mpanjaka Vavy Athalia izay nitady handringana ny taranaka mpanjaka ary efa saika nahomby, NAROVAN'ANDRIAMANITRA NY IRAY, ary avy aminy dia tonga bebe kokoa ireo izay nahatoky. Noho izany Andriamanitra dia niaro ondry kely tao amin'izany alina ela izany ary tao amin'ny fahamarinan'izy ireo tamin'ny farany dia nitsangana Lotera.

Na iza na iza no mahalala momba ny Eglizy Katolika Romana sy ny fomba fivavahany dia afaka milaza ny antony mahatonga ity tananan'i Tyatira ity ho voafidin'ny Fanahy mba hisolo tena ny fiangonana amin'ny Vanim-potoan'ny Haizina. Dia eto izy, eo imasontsika.

NY VANIM-POTOANA.
Ny Vanim-potoana Tyatira no naharitra lava indrindra tamin' izy rehetra, tokony ho 900 taona, 606 ka hatramin'ny taona 1520.

NY IRAKA.
Efa ela ny fiangonana no nizara ho vondrona roa, Andrefana sy Atsinanana. Matetika ny mpanavao dia

mivoaka avy ao amin’ny iray amin’iray amin’ireo vondrona ireo ary avy eo dia mitarika ampahany sasany ao amin’ny fiangonana ho amin’ny fifandraisana lalindalina kokoa miaraka amin’Andriamanitra. Lehilahy iray tahaka izany i François d'Assise. Tena mahomby mandritra ny fotoana kelikely, ny asa nataony tamin’ny farany dia teo ambanin’ny ambaratongam-pitantanan’i Roma. Peter Waldo n’i Lyon, mpivarotra iray niala tamin’ny fiainany ara-nofo, lasa tena mazoto amin'ny fanompoana ny Tompo ary nisarika maro ho Azy; fa izy dia voasakasakana tamin’ny asany ary norohain’ny papa. Tsy nisy vondrona Tandrefana na Tatsinanana nanana tanatin'izy ireo lehilahy iray izay afaka mety ho ny iraka ho an’ity vanim-potoana ity, rehefa nodinihana teo amin'ny hazavan’ny Soratra Masina. Na dia izany aza, dia nisy roa lahy tany amin'ny Nosy Britanika, izay ny asa fanompoany ao amin'ny Teny sy ny asa dia afaka hijoro ny sedran’ny fahamarinana.

Izy ireo dia Masindahy Patrick sy Masindahy Colomba. Fa ny anjara maha iraka dia nianjera tamin’i Masindahy Colomba.

Na dia iraka ho any amin'ny Vanim-potoana Tiatira aza i Masindahy Colomba, dia te-hijanona kely eo amin'ny fiainan'i Saint Patrick aho, izay ohatra ho antsika ary koa hilazàna ny laingan'i Roma milaza fa Saint Patrick dia anankiray amin’ireo zanany toa an’i Jeanne d’Arc. Patrick dia zanak’anabavin'i Saint Martin tao amin'ny tanàna kely ao Bonavern teo amoron'ny ony Clyde. Indray andro raha nilalao teo amin'ny morontsiraka niaraka tamin’ny anabaviny roa izy, dia nanatona naka azy telo an-keriny ny jiolahin-tsambo. Rehefa lasa ireo anabaviny, dia tsy misy mahalala, fa i Patrick (ny anarany dia Succat) dia namidy tamin’ny mpiadidy tany Irlandy Avaratra. Ny andraikiny dia miandry kisoa. Mba hanaovana izany dia nampiofana alika izy. Tsara ofana ireo alikany ka maro ny olona avy lavitra na akaiky no nividy azy ireo. Tao amin’ny fitokanany (manirery) dia nitodika tany amin'Andriamanitra izy ka voavonjy. Dia tonga ny faniriana maika mba ho afa-mandositra, ary hiverina hody any an-trano any amin’ny ray aman-dreniny. Namorona drafitra izy izay mametraka ny fahaizany ho lasa mpanazatra tena ilaina. Nampianariny ny alika mba hatory eo aminy ka hanarona ny tenany tsara ary tsy hihetsika raha tsy baikona. Noho izany indray andro raha nivarotra alika maromaro ny tompony dia nobaikon’i Patrick ireo alika, afa-tsy ny mpitarika ny entana, mba hiondrana an-tsambokely. Ny mpitarika ny andiany, izay izy avy eo nanome ny antso manokana dia nihazakazaka niala ka tsy nety niondrana an-tsambo. Raha ny tompony sy ny mpividy niezaka ny hahazo ny alika, i Patrick kosa niondrana tao an-tsambokely ary niantso ilay alika handrakotra azy. Ary tamin'ny sioka tokana monja no nitondrany ny mpitarika ny andiany tao an-tsambokely, ary teo amboniny. Koa satria i Patrick tsy nisy toerana nahitana azy, ny mpividy nanangana ny voalin-tsambo, ary nihazo ny ranomasina. Rehefa azony antoka fa ilay kapiteny dia efa lasa lavitra loatra ny hiverina,dia niantso ireo alika Patrick mba hivory (fivorian’alika) sy hikomy. Dia nivoaka izy ka nilaza tamin'ilay kapiteny fa raha tsy aondrany an-tanety izy hody any aminy dia ho hamporisihany ny alika hitohy hirotaka, ary dia horaisiny ny sambo. Na izany aza, ilay kapiteny dia Kristiana, ka rehefa nahare ny tantaran’ity zazalahy izy dia tamin-kafaliana no nametrahany azy an-tanety hody any aminy. Ary tany Patrick no nandeha nandeha tamina sekoly momba ny Baiboly, ary niverina tany Irlandy izy tamin'ny Teny sy ny herin'Andriamanitra, teo amin'ny famantarana sy fahagagana dia an'arivony maro no azony ho an'ny Tompo. Mbola tsy nisy fotoana nandehanany tany Roma, na fotoana nanirahin'i Roma azy. Ny fahamarinan'izany dia tamin’i Roma namahatra tamin'ilay nosy, ary rehefa hitany fa nety ny fotoana dia namono Kristiana mihoatra ny 100,000 izy ireo izay nivoaka nandritra ny fotoana maro tamin’ny vondrona tany am-boalohany, izay nanantona ny Tompo niandraiketan’i Masindahy Patrick.

Tokony ho 60 taona taorian'ny nahafatesan'i Saint Patrick, i Colomba dia teraka tao County Donegal, Irlandy Avaratra, fianakavian'ny mpanjaka ny Fergus. Lasa namirapiratra izy, manam-pahaizana manokana, mametraka ao amin’ny fitadidiany ny ankamaroan'ny ny Soratra Masina. Andriamanitra dia niantso azy tamin'ny feo re mba ho misiônera. Ary rehefa nandre ny feon'Andriamanitra izy dia tsy

nisy na inona na inona nahasakana azy, ary ny asa fanompoany mahagaga dia nahatonga ny mpahay tantara maro hanao azy ho manakaiky ny Apostoly. Lehibe loatra ny fanompoany niaraka tamin'ny famantarana nanaraka mihoatra ny natioraly ka nahatonga ny mpianatra sasany (indrindra ireo mpianatra tany Roma) nihevitra fa nitarina ny fitantarana ny momba azy.

Tamin'ny iray amin'ireo asa misionera nadehanany, raha nanatona ny tanàna iray mimanda izy, dia nahita ny vavahady nikatona tsy namela azy hiditra. Ary nanandratra ny feony tamin'ny vavaka izy mba hirotsaka an-tsehatra Andriamanitra ka hamela azy hiditra mba hitory ho an'ny olona. Fa raha mbola nivavaka izy, ireo ombiasy nanomboka mampijaly azy tamin'ny tabataba. Avy eo izy dia nanomboka nihira ny salamo. Ary raha nihira izy dia nampitombon'Andriamanitra ny hahavon'ny feony ka nanarona ny fikiakian'ireo jentilisa ireo. Tampoka teo ny vavahady dia nivoha ho azy. Niditra izy ary nitory ny Filazantsara, nahazo olona maro ho an'ny Tompo.

Indray mandeha koa, rehefa voahidy tao ivelan'ny tanana iray izy raha handeha hiala, ny zanaky ny lehiben'ny tanana dia lasa narary mafy tampoka, toy ny efa ho faty. Masindahy Colomba dia notadiavina haingana ka nantsoina. Rehefa nivavaka ny fivavaky ny finoana izy dia avy hatrany dia sitrana ilay zazalahy. Ary ilay tanàna avy eo dia nidiran'ny fitoriana ny Filazantsara.

Ny Filazantsara madio tsy misy kilema notorian'i Colomba sy ny mpiara-miasa aminy dia niparitaka eran'i Ekosy, mitondra izany ho an'Andriamanitra. Izany koa dia nandifotra an'i Irlandy sy ny Eoropa Avaratra. Ny fomba nampielezany ny Filazantsara dia iray, izay angamba lehilahy roa ambin'ny folo eo ambanin'ny mpitarika no mahazo miditra ao amin'ny faritra vaovao, ary manorina ara-bakiteny ny Filazantsara-tanàna iray voafaritra. Tamin'ireo lehilahy roa ambin'ny folo ireo dia nisy mpandrafitra, mpampianatra, mpitoriteny, sns… ny rehetra nahay ny Teny sy ny fiainana masina. Ity zanatany kely ity fonosina manda. Tsy ela izany fefy izany nodidin'ny mpianatra sy ny fianakaviany tany an-tranony avy, mianatra ny Teny, ary miomana mba hivoaka hanompo ny Tompo toy ny misionera,mpitarika, ary mpitory. Ny olona dia afaka manambady malalaka na dia maro aza no tsy nanao izany, mba hanompo an'Andriamanitra tsara kokoa. Ary izy ireo dia tsy nila ny fanampian'ny fanjakana, ary amin'ny alalan'izany dia tsy tafiditra tamin'ny politika. Tsy manenjika fivavahana hafa izy ireo fa nampianatra kosa ny fahamarinana satria ninony fa ny fahamarinana dia fitaovam-piadiana ampy hanatanterahana izay napetrak'Andriamanitra tao an-tsain'izy ireo. Izy ireo tena tsy niankina tamin'i Roma.

Masindahy Colomba dia mpanorina ny sekoly Baiboly lehibe amin'ny nosy Hy (any amin'ny morontsiraka Atsimo Andrefan'i Scotland). Tamin'izy nandeha tany, ny nosy dia tena mangadihady sy be vato ary tsy afaka nanome sakafo ampy ho azy rehetra. Fa Colomba kosa namboly voa tamin'ny tanany iray raha nasandrany ambony tamin'ny vavaka ny iray. Ankehitriny ny nosy dia iray amin'ireo lonaka indrindra eto amin'izao tontolo izao. Avy amin'io nosy mifantoka amin'ny Baiboly io no nivoaka ny manam-pahaizana mahery tafiana fahendrena sy ny herin'Andriamanitra.

Rehefa namaky ny tantaran'ity mpanompon'Andriamanitra lehibe ity aho sy ny asa mahagaga nataony, dia nalahelo ny foko nahita fa ny fahefan'ny papa, nitady mba hitondra ny olona rehetra ho eo amin'ny fanangejany, ka tamin'ny farany nandoto ireo sahan'ny asa fitoriana ary nandrava ny fahamarinana nampianarin'i Colomba.

FIARAHABANA.
Apokalypsy 2:18, "Izao no lazain'ny Zanak'Andriamanitra, Izay manana maso toy ny lelafo, ary ny tongony tahaka ny varahina manganohano." Ny fanambaràna ny maha-Andriamanitra ho amin'ny Vanim-potoana Tyatira dia i Jesosy no Zanak'Andriamanitra. Indray mandeha Izy tamin'ny andro naha-nofo Azy dia fantatra tamin'ny anarana hoe Zanak'olona. Fa amin'izao isika dia tsy mahafantatra Azy

intsony araka ny nofo. Tsy Zanak'olona intsony Izy, ny Mpaminany Lehibe, Izay ao Aminy no hamoriany ny faminaniana rehetra. Ny Lahitokana dia niverina ao an-tratran'ny Ray. Fantatsika Izy ankehitriny araka ny herin 'ny fitsanganana amin'ny maty. Efa nitsangana Izy ary nentiny ho ao Aminy ny Heriny lehibe izay ambonin'ny rehetra ary ho fiderana ny voninahiny. Ny voninahiny dia tsy ho zarainy amin'ny hafa. Ny fitarihany eo amin'ny fiangonana dia tsy ho atolony amin'ny olona.

Mijery an'i Tyatira Izy, ary eto dia Hitany tao amin'izany tanàna izany, ary amin'izany taona fahefatra izany ny voninahitra izay Azy irery ihany dia nomena ireo hafa. Ny masony nirehitra ny afon'ny fahatezerana sy fitsarana raha hitany Apollo nohajaina fatratra toy ny Zanak'Andriamanitra, raha Izy irery ihany no Zanaka Lahitokan'ny Ray. Tena tsy maintsy ho mahatsiravina ny fitsarany momba ny fivavahana tamin'ny Vanim-potoanan'i Tyatira, izay ny mpikamban'ny fiangonana tahaka ny mpanompo sampy mpivavaka amin'ny zanak' andriamanitra (Apollon zanak'i Zeosy), nanandratra olombelona mba ho tena masina (papa), tohanan'ny herin'ny fanjakana. Fa izany no marina hitany. Ny Eglizy Katolika Romana,milentika lalina ao amin'ny fanompoan-tsampy mifototra amin'ny fomba fivavahana amin'ny andriamanitra masoandro (Apollon), nanandratana olona tena masina (Papa) tamin'ny alalan' ny fanambadian'ny fiangonana sy ny fanjakana. Fa Thomas d'Aquin sy Alverus Pelagius nanoratra ka nanambara fa: "Ny Papa ho an' ireo izay mahita azy amin'ny maso ara-panahy, tsy ny olona fa Andriamanitra. Tsy misy fetra ny fahefany. Afaka manambara izy fa marina amin'izay tiany ary afaka manaisotra ny zon'izy ireo araka izay hitany fa mety. Ny fandavana io fahefana maneran-tany io dia midika fa voarindrina ny varavaran'ny famonjena. Ny fahavalon'ny fiangonana lehibe dia ny mpivadi-pinoana, izay tsy mitondra ny ziogan'ny tena fankatoavana."

"Iray no mpanelanelana amin'Andriamanitra sy ny olona, ny lehilahy Kristy Jesosy (ny Zanak'Andriamanitra.)" 1Timoty 2:5. Fa ny papa tany Roma nanova ny Teny. Izy no nanao izany, "mpanelanelana iray ihany no amin'Andriamanitra sy ny olona iray (fa tsy ny rehetra)". Koa amin'izany izy dia mpanalalana eo amin'ilay mpanelanelana ny olona rehetra. Fa tsy misy hafa afa-tsy ny Zanaka no mpanelanelana. Ny papa manonona famonjena amin'ny alalan'ny fiangonana Romana. Tsy misy famonjena afa-tsy amin'ny alalan'ny Zanak'Andriamanitra. Tsy mahagaga àry raha nirehitra tamin'ny afon'ny fitsarana ilay afo. Tsy mahagaga àry raha ny tongony dia tahaka ny varahina manganohano rehefa vonona ny hanitsaka ho vovoka sy jofo ny ratsy fanahy amin'ny fanjakan'izao tontolo izao Izy. Misaotra an'Andriamanitra noho ireo tongotra matanjaka varahina ireo. Izy ireo dia nandeha namaky ny fitsarana ho antsika. Izy ireo izao no fototra izay antsika satria izay Azony dia antsika. Mitsangana ho fantany isika ao Aminy, dia Jesosy, ilay Zanak'Andriamanitra.

Tamin'io vanim-potoana io no hanamarinantsika ny fiakaran'ny Mohammedanisma izay nandà ny Zanak'Andriamanitra, ary nanapa-kevitra ny hamono ireo rehetra izay niantso ny tenany ho Kristiana.

Tamin'io vanim-potoana io ihany koa ny fiangonana sandoka no nihantsy ny didy voalohany an'ilay Andriamanitra Tsitoha, ary nandeha haingana tamin'ny fandikàna ny didy faharoa satria nametraka ny papa tao amin'ny toeran' i Jesosy Kristy sy nanorina ka nampiditra ny fanompoan-tsampy izay tsy izy hany ka fahafatesana ho an 'ireo izay tsy nety nametraka ny sary masina tao amin'ny fiangonana. Teo ambanin'ny Amperora vavy Theodora fontsiny nanomboka tamin'ny 842 ka hatramin'ny 867 dia mahery ny 100.000 ny olo-masina no namoy ny ainy, satria izy ireo nanao tsinontsinona ny sary.

Azo antoka fa tsy maintsy mibebaka ity vanim-potoana ity na very. Eo no mijoro ny Tompon'ny voninahitra, Andriamanitra tena Andriamanitra -- ny Teniny nailika, ny maha-Olona Azy nolavina, kanefa ny tanan'olombelona sy fon'olombelona tsy afaka hanongana Azy. Aoka handà Azy izy ireo, fa Izy mijanona mahatoky. "Aza matahotra ry ondry vitsy, fa sitraky ny Rainareo ny hanome anareo ny fanjakàna. Ary rehefa tonga amin'ny tongotra varahina sy maso mirehitra Aho dia hamaly, Ahy ny

fitsarana, Izaho no hamaly," hoy ny Tompo.

NY FANDOKAFANA.
Apokalypsy 2:19: "Fantatro ny asanao, ny fitiavana, ny asa fanompoana, ny finoana, ary ny faharetanao, ary ny asanao, ary ny farany dia be noho ny voalohany.

Eto indray no ahitantsika ny fampidirana izany manamarika hoe: "Fantatro ny asanao." Ny Zanak'Andriamanitra, Izy Tenany no nanao hoe: "Minoa Ahy na noho ny asa ihany aza." Notsindriny manokana ny asany raha mbola tety an-tany Izy. Ny asa izay nataony dia voatendrin'Andriamanitra mba hanainga ny finoana ao Aminy. Izany dia ampahany lehibe tamin'ny asa fanompoany. Ny Fanahiny Masina tao amin'ny apostoly Paoly nanao hoe: "Fa Asa-tanany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay efa voatendrin'Andriamanitra mba handehanantsika eo amin'izany." Efesianina 2:10. Ireo asa ireo dia hisarihana ny finoana ao Aminy, ary izy ireo maneho ny fifandraisana Aminy araka izay noresahin'i Paoly hoe "noforonina tao Aminy ".

Ankehitriny ny asa dia tsy afaka haka ny toeran'ny finoana an'Andriamanitra ho famonjena antsika. Fa ny asa dia maneho ny finoantsika efa mipetraka eo Aminy. Ny asa tsara tsy hamonjy anareo, fa izy ireo hivoaka avy amin'ny fiainana voavonjy toy ny vokatry ho an'ny Tompo. Mino ny asa tsara aho. Na dia ny olona tsy voavonjy aza, dia tokony hanao asa tsara sy ny tsara indrindra azony atao. Ny mahatsiravina eo imason'i Andriamanitra dia ny olona manao asa ratsy, ary avy eo dia milaza fa manao ny sitrapon'ny Tompo. Izany no nataon'ny eveka sy ny papa sy ny ambaratongam-pitantanana tao Roma. Namono izy ireo, nampitondra takaitra olona, ary nanao ratsy isan-karazany tamin'ny Anaran'ny Tompo. Niaina tamin'ny fiainana tena mifanohitra amin'ny zavatra ampianarin'ny Teny izy ireo. Tamin'izany andro ratsy izany, ireo mpino tena marina dia namirapiratra tahaka ny fahazavana ao amin'ny fitoerana maizimaizina, ary nitohy nanao ny tsara lalandava izy ireo; fa ny ozona novaliany tamin'ny tso-drano, ary nanao ny marina mba hanome voninahitra an'Andriamanitra na dia maro aza no maty ny amin'izany.

Ao amin'io andininy io Izy no midera ny Zanany, satria izy ireo niaina tamin'ny fiainana niova. Ny asany dia nijoro ho vavolombelona ny Fanahy vaovao tao anatiny. Ny olona nahita ny asa tsara nataon'izy ireo ka nankalaza an'Andriamanitra. Eny tompoko, raha Kristiana ianao dia hanao ny tsara. Ny asanao no manamarika fa marina ny fonao. Ary izany tsy zavatra izay tafianao, fa hanao ny sitrapony ianao ary tsy misy mahita anao afa-tsy Andriamanitra, ary ianao hanao ny Sitrapony na dia ny ainao aza no manefa.

"Fantatro ny fitiavanao, ny asa fanompoanao, ny finoana sy ny faharetanao." Ho tsikaritrao fa ny fitiavanan'izy ireo dia mipetraka eo anelanelan'ny `asa' sy 'asa fanompoana.' Ary izany no toerana tsara ho azy, satria raha tsy misy fitiavana, ny asantsika dia tsy ekena eo anatrehan'Andriamanitra, eny fa ny asa fanompoana aza. Paoly niteny tamin'ireo Korintiana nanao hoe: "Raha tsy misy ny fitiavana, dia tsinontsinona aho, ary na inona na inona ataoko dia tsy mahasoa raha tsy atao amim-pitiavana." Ankehitriny ianao dia mahita eto fa ireo mpino ireo tsy tao amin'io kilasy Nikolaita io, izay nanao asa toy ny fitaovam-pamonjena, na mba hoderain'ny olona. Nataoan'izy ireo ny asany avy amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay naely any ivelany ao ampon'izy ireo amin'ny alalan'ny Fanahy Masina. Izany fitiavana tao am-pony izany dia ny fitiavan'Andriamanitra. Hoy i Jesosy: "Izany no hahafantaran'ny olona rehetra fa Mpianatro ianareo, dia ny fananareo fitiavana eo aminareo." Ny mpanompo sampy, izay nahita ny fiainan'ny Kristiana tany am-boalohany nanao hoe: "Jereo ny fomba fifankatiavan'izy ireo". Jaona efa nilaza "Izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra." 1 Jaona 4:7.

Te hanome fampitandremana aho eto. Izao no voalaza momba ny andro farany fa noho ny fitombon'ny

heloka, ny fitiavan'ny maro dia hangatsiaka. Ao amin'ny Laodikia, na ny vanim-potoana farany, ny fitiavan-tena, ary ny fitiavana ny zavatra ara-nofo no haka ny toeran'ny tena fitiavan 'Andriamanitra. Mila miaro-tena amin'ny herin'ny fahotana amin'izao andro farany izao isika. Koa maro no miha-mafy (fo) satria tsy tonga saina ny amin'ny vokatr'io fanahy amin'ny andro farany io. Fotoana izao hanatonana an'Andriamanitra, ary aoka Izy hameno ny fiainantsika amin'ny Fitiavany, na isika hahatsapa ny hatsiakan'ny fiangonana amin'ny andro farany, ary mandà ny fahamarinan'Andriamanitra, izay hany afaka hanampy antsika.

Amin'izany taona maizina sy mahatahotra izany, ny tena voaloboka dia mampiseho ny fitiavany an'Andriamanitra sy ny fitiavana ny rahalahy. Nidera azy Andriamanitra noho izany.

"Fantatro ny fanompoanao." Jesosy nanao hoe, "Izay lehibe indrindra amin'ny rehetra dia mpanompon'ny rehetra." Nisy lehilahy hendry iray naneho hevitra mikasika an'io teny io. Ireto no zavatra nolazainy: " Ny tantara ihany no afaka hanaporofo ny fahamarinan'izany teny izany." Marina ny an'izany lehilahy izany. Ireo lehilahy lehibe marina teo amin'ny tantara dia mpanompo. Ireo izay nitaky ny mba ho tompoina; ireo izay nampahory; ireo izay nitady foana ny ho lohany, dia nandeha tamin-kenatra. Na dia ny tena manan-karena aza dia voaelok'Andriamanitra rehefa tsy nampiasainy tamin'ny marina ny harenany. Fa jereo ny tantara dia ho hitanao fa ny tena lehibe dia ireo izay nanompo ny hafa. Ny tantara tsy afaka na oviana na oviana hankalaza ireo izay nanaovana be, fa mandrakizay izy dia hidera ireo izay nanao be tamin'ny hafa. Aoka isika ankehitriny hampihatra izany amin'ny tenantsika. Eny fa na dia tsy ho tompoina aza ny nahatongavan'ny Zanak'olona, fa mba hanompo, dia tokony hanaraka izany ohatra isika. Jereo Izy miondrika ny Tenany eo amin'ny tongotry ny Apostoly ary manasa ny tongotr'izy ireo maloto sy reraka. Hoy izy hoe: "Tsy fantatrareo izao ataoko izao, fa ho fantatrareo rahatrizay. Fa izay hitanareo hataoko, dia tokony hataonareo koa." Lasa mpanompo Izy mba fa ahafahan'Andriamanitra manandratra Azy ho amin'ny avo indrindra. Ary indray andro any amin'ny fitsarana ny olona masina dia ho henontsika Izy manao hoe: "Arahabaina, ry MPANOMPO tsara sady mahatoky, midìra amin'ny fifalian'ny 'ny Tompo." Sarotra ny ho mpanompo foana. Fa ireo izay mandany ka lany ho an'ny hafa dia indray andro any dia hipetraka hiaraka Aminy eo ambonin'ny seza Fiandrianany. Tsy ho very maina izany rehetra izany, noho izany. "Aoka isika hazoto ho an'ny Tompo, manomboka vao mangiran-dratsy ka hatramin'ny filetehan'ny masoandro, andeha isika hiresaka ny fitiavany mahagaga rehetra sy ny fiahiany. Ary rehefa tapitra ny fianantsika ka vita ny asantsika tety an-tany, ny anarana dia antsoina avy ery ka ho eo aho."

"Fantatro ny finoanareo." Ary tsy milaza tahaka ny nataony ho an'ny fiangonana tao Pergamosy Izy eto, "ianao mihazona ny FINOAKO". Tsy miresaka momba ny Finoany Izy ankehitriny, fa midera azy ireo tamin'ny tsy nivadihany. Ary raha manao izany Izy dia miresaka ihany koa ny ' faharetan'izy ireo. Ary ankehitriny, ny fahamarinana sy ny fahatokiana dia miaraka. Raha ny marina dia ny faharetana no vokatry ny fahatokiana, satria milaza ao amin'ny Jakoba 1:3, "Ny fizahan-toetra ny finoanareo dia mahatonga faharetana." Tena tsy misy fomba hafa mba ahazoana faharetana. Izany dia tsy maintsy tonga avy amin'ny fizahan-toetra ny finoantsika. Romana 5:3, "Ny fahoriana dia mahatonga faharetana." Tena manandanja tokoa ny fijerin'Andriamanitra momba izany fanatanterahana ny faharetana izany araka izay hita ao amin'ny Jakoba 1:4, "Ary aoka ny faharetana hanana ny asany tanteraka, mba ho tanteraka ianareo ka tsy hisy tsy ampy na amin'inona na amin'inona." Ny sitrapon'Andriamanitra amintsika dia ny Fahatanterahana. Ary izany fahatanterahana izany dia ny faharetana -- miandry eo amin'Andriamanitra sy miandry an'Andriamanitra. Izany no dingana fampandrosoana ny toetra amam-panahy. Endre izany nideran'Andriamanitra ireo olona masina tao amin'ny Vanim-potoanan'ny Haizina.Faharetana tahaka ny zanak'ondry entina hovonoina, amim-pitiavana, amim-pahatokiana no hanompoan'izy ireo an'Andriamanitra. Izany rehetra izany no notadiavin'izy ireo teo amin'ny fiainany, fanompoana ny Tompony. Akory ny halehiben'ny

valimpitian’izy ireo.

"Fantatro ny asanao, ary ny farany dia be noho ny voalohany." Izany dia miavaka tokoa. Raha ny fahamaizinan’ny vanim-potoana dia nitombo; ary ny lisitry ny maritiora niha-lava isan'andro isan'andro, niasa mafimafy kokoa ny rehetra, nanompo ny hafa misimisy kokoa, ary nitombo ny finoany. Tena mampalahelo fa tao amin'ny Vanim-potoana Efesosy dia nihena ny fitiavana. Ary marina fa tsy misy voalaza ny amin’ny fitombon’ny asa amin’ny fitiavana teo amin'ireo vanim-potoana hafa; fa amin'ity vanim-potoana ity, ny maizina indrindra amin’ny sokajin-taona rehetra, dia nanompo Azy bebe kokoa izy ireo. Tena lesona izany. Tsy misy fitsaharany izany fanompoana miantra amin’ny fitiavana izany ho an'ny Tompo, fa vao mainka nitombo izany. Izany no zava-miafina. Avelao ny fahavalo hiezaka mba hampandamòka ny asa fanompoantsika ho an'ny Tompo -- ny valiny omentsika dia ny asa fanompoana mitombo. Rehefa miantso amin-tahotra ny reraka,dia izany hiantsoantson’ny fandresena.

"Fantatro ny asanao, ary ny farany dia be noho ny voalohany." Ary araka ny efa nolazaintsika dia ity vanim-potoana ity dia nantsoina hoe Vanim-potoanan’ny Fahamaizinana satria io tokoa ny vanim-potoana maizina indrindra teo amin’ny tantara rehetra. Io no vanim-potoana nisy ny Papa Innocent III izay nilazany fa izy no "Solon’i Kristy (vikera) - mpanjaka ambony indrindra eo amin’ny fiangonana sy izao tontolo izao", izay nanorina ny FANADIHADIANA (Inquisition) izay teo ambanin’ny fitarihany ary nandatsaka rà bebe kokoa nohon’ny tamin'ny fotoana hafa afa-tsy tao amin'ny Fanavaozana Protestanta ihany. Izany dia ny taonan’ny Pornocracy, ny fanjakan’ny vehivavy janga. Sagarius III dia nanana vady "nameno ny amboarampeo papaly tamin'ny sakaizany sy ny zanany lahy zazasary ka lasa zohy fieren'ny jiolahy ny lapa papaly." Anastasius III dia maty nosemporin’i Marozia izay vadin’i Sagarius. John XI dia zanak’i Marozia tamin’ny olon-kafa. John XII no zafikelin'i Marozia ary izy dia "naka an-keriny ireo manano-tena sy ny virijina, ary maty novonoin’ilay vadin’ilay ramatoa tamin-katezerana teo am-panaovana fijangajangana." Izany dia ny vanim-potoanan’ny Fisarasarahana Papaly ho roa andalana (ny iray manjaka any Avignon ary ny iray tany Roma) mifanozona sy miady. Ireo papa ireo dia tsy vitan'ny hoe meloka tamin’ny fitondran-tena ratsy ny firaisana ara-nofo (niteraka zazasary maro, manao Sodomia “manolana lehilahy” sns…) fa meloka ihany koa amin’ny fanaovana lavanty ny fisoronana.

Io ny vanim-potoana naha-matimaty ilay hazavàna, kanefa ireo mpino vitsivitsy niasa tamin-kafanam-po kokoa na nitombo aza ny haizina hatrany amin’ny faran’ny vanim-potoana, maro no nitsangana hanao fanavaozana. Ny asan’izy ireo dia tamin-kafanampo ka nanokatra ny lalana ho an'ny fanavaozana taty aoriana. Noho izany araka ny voalazan’ny Teny momba ity vanim-potoana ity, "ny asanao farany (faran’ny vanim-potoana) dia be noho ny voalohany".

Ny teny hoe Tyatira dia manana dikany samihafa, anisan’izany ny "Sorona Mitohy". Amin’ny maro izany dia hinona ho faminaniana momba ny fampiasàna ny Lamesa izay fanolorana mandrakariva ny soron'i Kristy. Tsara dia tsara izany hevitra izany, mety ihany koa hoe sorona mandrakariva eo amin'ny fiainana sy ny asa ho an’ny tena mpino ny Tompo.

Azo antoka fa ireo olo-masina Thyatireana ireo no vokatra tsara indrindra, feno ny Fanahy Masina sy finoana, noforonina mba hanao asa tsara, maneho ny fiderana Azy, tsy mihazona ny ainy ho malalany, fa faly manome izy ananany toy ny hanitra fanatitra ho an'ny Tompo.

NY FANAKIANANA.
Apokalypsy 2:20, Kanefa manan-teny aminao Aho, satria ianao mamela (Mandefitra) io vehivavy Jezebela io, izay milaza ny tenany ho mpaminanivavy ka mampianatra sady manoloky ny

mpanompoko hijangajanga sy hihinana hena naterina tamin'ny sampy."

Ary amin'izany andininy izany dia tiako ianareo hilatsaka ao amin’ny andininy faha-23 ka hijery ny porofon’ny fahamarinana lehibe izay entiko hisarihana ny sainareo eny ampandehanana. "Ary hovonoiko amin'ny fahafatesana ny zanany; ary ny fiangonana rehetra hahalala fa Izaho no mandinika ny voa sy ny fo." Araka ny efa nolaziko ombieny ombieny fa misy fiangonana roa raha ny marina, na dia samy hiresahan’ny Fanahy aza izy roa isaky ny vanim-potoana, toy ny hoe izy ireo dia iray ihany. Eto dia voalaza mazava tsara fa misy ireo fiangonana, ary toy ny milaza mazava tsara fa ny sasany amin'ireo fiangonana ireo, azo inoana fa tena TSY mahalala fa Izy no Ilay mandinika ny voa sy ny fo. Izy no handeha hanaporofo izany amin’izy ireo fa marina izany. Koa ankehitriny, inona no fiangonana tsy mahalala izany fahamarinana izany? Mazava ho azy fa ny voaloboky ny vondrona diso satria mpino tena marina mahafantatra tsy am-pisalasalana fa manomboka ao amin'ny tranon'Andriamanitra ny fitsarana, ary satria izy ireo matahotra an'Andriamanitra, dia mitsara ny tenany mba tsy ho tsaraina.

Ary nahoana Andriamanitra no miantso ireo fiangonana ireo ho ny Fiangonany na dia voaloboka sandoka aza izy ireo? Ny fahamarinan'izany dia satria Kristianina izy ireo. Nefa tsy Kristiana araka ny Fanahy. Kristian’ny nofo izy ireo. Izy ireo mitondra ilay Anarana fahatany. Marka 7:7, "Kanefa zava-poana ny ivavahan'ireo amiko, mampianatra ny didin'olombelona ho fampianarana." Fa Kristiana tokoa izy ireo, tsy misy hafa hilazana azy? Ny Mohammedan dia Mohammedan. Izany no ny fivavahany na inona na inona fomba hiainany izany satria manome lanja ny teoria izy, dia izay zavatra ampianarin'ny Coran. Toy izany koa, Kristiana ny Kristiana iray raha manaiky fa i Jesosy dia Zanak'Andriamanitra, nateraky ny virjiny, nohomboana tamin'ny hazo fijaliana, ary maty ary nitsangana indray, fa Izy no Mpamonjy ny olombelona, sns… (Raha ny marina, ao amin’ny Taom-piangonana Laodikia dia hisy ireo izay milaza ny tenany ho Kristiana, noho izy ireo nanaiky ny toetra tsaran’i Jesosy, sady mihazona ao aminy ny zo handà ny maha-Andriamanitra Azy. Ny Kristiana mpahay Siansa efa nanao izany tahaka ireo maro izay mitory ny Social Gospel (Filazantsaran’ny Fiaraha-monina). Izy no Kristiana anarana ary an’ny fiangonana izy. Fa izy tsy tena mpino MARINA na ara-panahy. Izany karazana mpino izany dia iray izay efa natao batisa ho amin'ny tenan'i Kristy, ary dia mpikambana ao Aminy. Na izany aza anefa, dia ao amin’ny fandaharan’Andiamanitra ny hanirian’ny vary sy ny tsimparifary miaraka, ary izy ireo tsy hongotana. Izany no didy avy amin'Andriamanitra. Ny andro izay hamatorana sy handoroana azy ireo dia ho avy; fa tsy mbola tonga.

Ary noho izany ny Fanahy dia miresaka ity vondrona mifangaro ity. Etsy andaniny nidera Izy, ary amin’ny ilany nanakiana Izy. Nolazainy ny tsara ho an’ny tena mpino. Ankehitriny Izy dia mampitandrina ny zavatra tsy maintsy ataon’ny voaloboka sandoka raha tsy maintsy hijoro hamarinina eo anatrehan'ny Tompo izy.

ILAY VEHIVAVY JEZEBELA.

Ny apostoly Jakoba nampiseho antsika ny lalana mandeha amin’ny fahotana. Jakoba 1:14-15, "Fa samy alaim-panahy ny tsirairay rehefa tarihin'ny filany, ary voalambolambo. Ary ny filàna, rehefa notorontoronina, dia miteraka ota, ary ny ota rehefa tanteraka, dia miteraka fahafatesana." Ary izay mihintsy ny sary mitranga ao amin'ny taom-piangonana. Raha tsy nisy afa-tsy fihetsem-po no nanombohan’ny ota, tsotra toy izany koa ny fahafatesana ho amin'ny fiangonana, asa kelin’ny Nikolaita izay voamarika. Avy amin'ny asa izany dia lasa foto-pampianarana. Avy amin'ny foto-pampianarana izy dia nanaiky ny herin'ny fanjakana sy ny fampidirana ny fanompoan-tsampy. Ary amin'izao vanim-potoana izao izy dia mandeha any mpaminanivaviny (mpampianatra) manokana ary dia mitohy izany mandra-pahitany ny tenany ao amin'ny farihy afo, fa izany no tena hiafarany, ao amin'ny fahafatesana faharoa.

Ankehitriny ny antson'Andriamanitra rehetra manohitra ity vanim-potoana fahefatra ity dia hita ao amin'ny fanamelohany ity mpaminanivavy ity, Jezebela. Ary mba hahatakarana tsara ny antony hiapangany azy toy izany, dia tsy maintsy hijery ny tantarany ao amin'ny Baiboly isika, ary rehefa hitantsika ny zavatra nataony tany aloha tany, dia ho fantatsika izay mitranga amin'izao fotoana izao.

Ny zavatra lehibe voalohany indrindra nianarantsika momba an'i Jezebela dia izy TSY zanakavavin'i Abrahama, na ny fampidirana azy ho ao amin'ny fokon'ny Israely dia ara-panahy toa an'i Rota, vehivavy Moabita. Tsia tompoko. Ity vehivavy dia ny zanakavavin'i Etibala, mpanjakan'i Sidona (1Mpanjaka16:31), izay mpisorona ho an'i Astarta. Niakatra ny seza fiandrianana tamin'ny alalan'ny famonoana ilay teo alohany izy, Pheles. Ka dia hitantsika avy hatrany fa izy, zanakavavin'ny mpamono olona. (Izany dia mampahatsiahy antsika an'i Kaina.) Ary ny lalana nahatonga azy ho anisan'ny Isiraely dia tsy tamin'ilay fantsona ara-panahy voalahatr'Andriamanitra ho an'ny fidiran'ny jentilisa; fa niditra tao izy tamin'ny alalan'ny FANAMBADIANA an'i Ahaba, mpanjakan'ny foko folon'Israely. Ary izany firaisana izany araka ny efa hitantsika dia tsy ara-Panahy; ara-politika. Ary noho izany io vehivavy io, izay vonton'ny fanompoan-tsampy dia tsy nanana faniriana na dia kely indrindra aza ho lasa mpivavaka amin'ilay Hany Andriamanitra Marina, fa kosa izy niaraka tamin'ny fikasan-dalana mba hamily ny Israely tsy ho ao amin'ny Tompo. Ary ny Isiraely (ny foko folo) efa nahafantatra izany hoe mivavaka amin'ny ombilahy kely volamena izany, kanefa mbola tsy lafo tany amin'ny fanompoan-tsampy izy ireo, fa Andriamanitra no nivavahana ary ny lalàn'i Mosesy dia nekena. Fa hatramin'ny andro nanambadian'i Ahaba an'i Jezebela, ny fanompoan-tsampy dia niroborobo fatratra izay tsy izy. Izany dia tamin'io vehivay io vehivavy lasa mpisorona vavy tao amin'ny tempoly izay naoriny ho an'i Astarta (Venus) sy Bala (andriamanitra masoandro) ka tonga teo amin'ny ady sarotra teo amin'ny fiainany ny Israely.

Amin'izany isika dia afaka manomboka mahita izao izay avoakan'ny Fanahin'Andriamanitra amin'ny ity Vanim-potoana Tyatira ity. Indro Ilay izy. Nanambady an'i Jezebela Ahaba nanao izany ho toy ny paik'ady ara-politika mba hanatanjahany ny fanjakany sy hiarovany an'izany. Izany indrindra no nataon'ny fiangonana rehefa nanambady izy teo ambanin'i Constantine. Izy roa niaraka nohon'ny antony ara-politika, na dia nasian'izy ireo rivotra ara-panahy aza izany. Fa tsy misy afaka mandresy lahatra ahy fa i Constantine dia Kristiana. Izy dia mpanompo sampy manana endrika Kristiana fandrika. Nolokoiny fotsy ny lakroa teo amin'ny apingan'ny miaramila. Izy no namorona ny Knights of Columbus. Nasiany hazo fijaliana eo amin'ny tendron'ny Saint Sophia àry teo no nanomboka ny fomba amampanao.

Hevitry Constantine ny mba hahatonga ny olona rehetra miaraka, ny mpanompo sampy, ny Kristiana anarana sy ny tena Kristiana. Ary nandritra ny fotoana fohy dia toa nahomby ny fijery izany, ary ny tena mpino tonga teny mba hijery raha toa ka afaka hamerina ireo izay efa nirona niala tamin'ny Teny. Ary nony hitan'izy ireo fa tsy afaka hitondra azy ireo hiverina ao amin'ny fahamarinana izy ireo, dia voatery niala tamin'io fikambanana ara-politika izy ireo. Ary rehefa nanao izany izy ireo dia nantsoina hoe mpivadi-pinoana ka nohenjehina.

Mamelà ahy hilaza eto fa manana zavatra mitovy amin'izany isika mitranga amin'izao fotoana izao. Ny olona rehetra miara-tonga. Izy ireo dia manoratra Baiboly izay mety amin'ny rehetra na dia ny Jiosy aza, Katolika na Protestanta. Manana ny Filan-kevitry ny Nicée-Constantinople manokana izy ireo fa izany dia nantsoiny hoe Kônsily Ekiomenika. Ary fantatrao ve iza no iadivan'ireo fikambanana ireo? Miady amin'ny tena Pentekotista marina izy ireo. Tsy ny fikambanana antsoina hoe Pentekotista no tiako ho lazaina. Ireo izay Pentekosta, satria izy ireo dia feno ny Fanahy Masina, ary manana ny famantarana sy ny fanomezam-pahasoavana eo aminy, satria izy ireo mandeha araka ny fahamarinana no tiako ho lazaina.

Rehefa nanambady an'i Jezebela Ahaba noho ny antony ara-politika dia namidiny ny fizokiany. Raha miditra amin'ny fikambanana iray ianao dia mivarotra ny fizokianao rahalahy, na te-hino izany ianao na tsia. Ny vondrona protestanta tsirairay izay nivoaka ary avy eo niverina nivarotra ny fizokiany, ary rehefa mivarotra ny fizokianao ianao dia tahaka an'i Esao -- afaka mitomany sy mibebaka araka izay tianao ianao, fa tsy hahasoa anao izany. Tsy misy afa-tsy zavatra iray ihany no azonao atao, ary izany dia, "Mialà aminy ianareo, ry oloko, ary ajanony ny fandraisana anjara amin'ny fahotany!" Ary raha mihevitra ianao fa diso aho, dia valio ity fanontaniana iray ity.

Moa misy olona ve afaka milaza amiko izay fiangonana na hetsik'Andriamanitra nanana fifohazam-panahy ka niverina rehefa avy niditra tao amin'ny fikambanana, ary lasa antokom-pinoana? Vakio ny tantaranareo. Tsy ahita ianao na dia iray aza -- na iray akory aza. Izany no misasak'alina ho an'ny Israely, rehefa nikambana tamin'izao tontolo izao izy, ary nandao ny ara-panahy ho an'ny ara-politika. Izany no ora misasak'alina tao Nicée rehefa nanao zavatra toy izany ny fiangonana. Izany no ora mamatonalina ankehitriny izay hiarahan'ny fiangonana miaraka.

Koa rehefa nanambady an'i Jezebela Ahaba dia namela azy mba handray ny vola-panjakana, ary nanangana trano lehibe roa fivavahana amin'i Astarta sy Bala. Ny iray izay natsangana ho an'i Bala dia ampy ho an'ny Isiraely rehetra tonga niankohoka tao. Ary rehefa nifanambady Constantin sy ny fiangonana dia nomeny trano ny fiangonana, ary natsangany ireo alitara sy sary, ka nikarakara ny ambaratongam-pahefana izay efa naka endrika.

Rehefa nahazo ny herin'ny fanjakana Jezebela tao afaran dia notereny atsofoka eo amin'ny olona ny fivavahany, ka novonoiny ny mpaminany sy ny mpisoron'Andriamanitra. Ary tena niha-ratsy izany ka Elia ilay mpitondra hafatra tamin'ny androny, nihevitra fa izy irery ihany no sisa tavela, fa Andriamanitra mbola nanana 7000 hafa izay tsy nandohalika tamin'i Bala. Ary amin'izao fotoana izao eo anivon'ny ireo antokom-pivavahan'ny Batista, Metôdista, Presbyteriana, sns,… dia misy sasany izay hivoaka ka hiverina amin'Andriamanitra. Tiako ho fantatrareo fa izaho ankehitriny, ary na oviana na oviana dia tsy nanohitra ny olona. Ny antoko-piangonana no nanao izany-- ny rafitra ny fandaminana no toheriko (systeme d'organisation). Tsy maintsy ho toheriko izany satria halan'Andriamanitra.

Ary aoka isika hijanona iray minitra fontsiny eto ka hamerina ny zavatra nolazaintsika momba ny fomba fivavahana tany Tyatira. Nilaza aho fa nivavaka tamin'i Apollo izy ireo (ilay andriamanitra masoandro) miaraka amin'ny amperora. Ary izany Apollo izany ankehitriny dia natao hoe ny ' mpanala ny ratsy.' Nohalaviriny tamin'ny olona ny ratsy. Nitso-drano azy ireo izy, ary dia tena andriamanitra ho azy ireo. Izy no natao hampianatra ny olona. Nanazava momba ny fomba fivavahana izy, sy ny fombafomba ao amin'ny tempoly, ny asa fanompoana amin'ireo andriamanitra, momba ny fanatitra sy ny fahafatesana ary ny fiainana aorian'ny fahafatesana. Ny fomba nanaovany izany dia tamin'ny alalan'ny mpaminanivavy, izay nipetraka lasa vinany teo ambonin'ny seza telo toko. Oh! Hitanareo ve izany? Io ilay mpaminanivavy atao hoe Jezebela, ary izy no mampianatra ny olona. Ary ny fampianarany dia mamitaka ny mpanompon'Andriamanitra ka mahatonga azy ireo hijangajanga. Ary ny fijangajangana dia midika hoe 'fanompoan-tsampy.' Izany no dikany ara-panahy. Izany dia firaisana tsy ara-dalàna. Ny firaisan'i Ahaba sy ny fikambanan'i Constantin dia samy tsy ara-dalàna. Samy nanao ny fijangajangana ara-panahy izy roa tonta. Ny mpijangajanga rehetra dia afatotra ho ao amin'ny farihy afo. Andriamanitra milaza izany.

Koa ankehitriny, ny fampianaran'ny Eglizy Katolika (ny fiangonana dia vehivavy, vehivavy izy) mandà ny Tenin'Andriamanitra. Ny papa izay amin'ny dikany maoderina ara-bakiteny dia i Apollo, ary nampianatra ny olona mba hikambana amin'ny sampy. Ny Fiangonana Romana ankehitriny dia lasa

mpaminanivavy sandoka ho an’ny olona satria nesoriny tamin’ny olona ny Tenin'ny Tompo ka nomeny ny heviny manokana izay toa midika ho famelan-keloka, ka mitondra ny fitahiana avy amin'Andriamanitra; ary ny mpisorona efa nihevitra tafahoatra mba hilaza miavaka tsara fa manana fahefana tsy eo amin'ny fiainana ihany, fa ao amin'ny fahafatesana koa. Mampianatra amin'ny fiheverany izy fa misy ny afo fandiovana, kanefa tsy afaka mahita izany ao amin’ny Teny ianao. Mampianatra izy ireo fa ny vavaka sy ny lamesa ary ny vola no hanafaka anareo amin'ny afo fandiovana hidirana any an-danitra. Ny rafitra rehetra izay mifototra amin'ny fampianarany dia diso. Tsy mitoetra eo amin’ilay fototra azo antoka, dia ny fanambaran'Andriamanitra ao amin'ny Teniny, fa mitoetra eo amin’ilay fasika miova, milentika, dia ny an’ny devoly tsy marina.

Ny fiangonana dia niainga tamin’ny fandaminana mankany amin’ny anara-piangonana, ary eto dia ny fampianaran-diso. Marina izany. Ny Katolika Romana dia tsy mino fa Andriamanitra dia ao amin'ny Teniny. Tsia tompoko. Raha nataony izany dia tsy maintsy nibebaka izy ireo ary niverina, fa hoy izy ireo, Andriamanitra dia ao amin'ny Fiangonany. Izay dia hahatonga ny Baiboly ho tantaran'ny Eglizy Katolika. Tsy mba toy izany anefa. Jereo fontsiny izay nataony momba ny batisan’ny rano. Noraisiny izany ary nesoriny ny maha-Batisa Kristiana azy, ka nataony fanompoan-tsampy amin'ireo anarana lohateny. Mamelà ahy hitantara aminareo momba ny zavatra iray niainako tamin'ny mompera Katolika iray. Ankizivavy iray izay nataoko batisa tamin’ny fotoana iray no nivily tany amin’ny Katolika, noho izany ilay mpisorona dia te hanadihady ahy ny momba azy. Dia nanontany izy ny amin’ny karazana batisa natao taminy. Nolazaiko izy fa Batisa amin’ny fomba Kristiana no nataoko taminy, izay hany tokana araka ny fahalalako.

Nandevina azy tao anaty rano tamin'ny anaran'i Jesosy Kristy Tompo aho. Ary ilay mompera nanamarika tamiko fa nisy fotoana ny Eglizy Katolika nanao toa izany. Teo ihany aho dia nanontany azy ny fotoana nanaovan’ny Eglizy Katolika izany, satria aho efa namaky ny tantaran’izy ireo fa tsy nahita izay nolazainy. Nilaza tamiko izy fa voalaza ao amin'ny Baiboly izany, ary i Jesosy no nikarakara ny Eglizy Katolika. Nanontany azy aho raha tena nihevitra izy fa i Petera tokoa no papa voalohany. Hentitra izy nilaza fa i Petera izany. Nanontany azy aho raha toa ka ny lamesa dia tamin’ny teny Latina mba ho azo antoka fa marina izy ireo, ary tsy miova na oviana na oviana. Nilaza izy fa marina izany. Nolazaiko taminy fa nieritreritra aho fa izy ireo dia niala lavitra tamin’izay nananany tany am-piandohana, ary dia nampahalalako azy fa raha mino ny Bokin’ny Asan’ny Apostoly ny Fiangonana Katolika dia iray amin'ireo Katolika taloha aho. Nilaza tamiko izy fa ny Baiboly dia ny rakitsoratry ny Eglizy Katolika, ary Andriamanitra tao amin'ny fiangonana. Tsy nitovy hevitra taminy aho satria Andriamanitra ao amin'ny Teniny. Aoka Andriamanitra no ho marina fa ny olona rehetra kosa ho mpandainga. Raha esorinao na ampianao izany Boky izany, dia nampanantena Andriamanitra fa hanampy loza ho an 'ireo izay manampy, ary hanala ny anjaran’izy ireo ao amin'ny Bokin'ny Fiainana raha sahy manala amin'izany izy. Apokalypsy 22:18,19.

Mamelà ahy haneho fontsiny ny fomba hinon’ny Eglizy Katolika Romana fa Andriamanitra dia ao amin'ny fiangonana fa tsy ao amin'ny Teny. Ity ny ampahany avy amin'ny diarin’ny Papa Joany faha-23. "Ny traikefa nananako nandritra ireo telo taona naha Papa ahy, satria ‘tamin’ ny tahotra sy hovitra" no nanekeko ity fanompoana ity, tao anatin’ny fankatoavana mahitsy araka ny Sitrapon'ny Tompo, nampiampita ahy tamin'ny alalan'ny Kolejy Masin’ireo Kardinaly tao amin’ny fivoriana miafina (conclave), no mijoro ho vavolombelon’ity fahamarinana ity, ary dia mampihetsi-po sy mampaharitra amiko ny fahatokisana tanteraka an’izany,fitokisana tanteraka an'Andriamanitra, amin'izay rehetra mahakasika ny ankehitriny, ary filaminana tsy misy ho kianina momba ny hoavy. "Io papa io dia milaza fa Andriamanitra dia niteny tamin’ny alalan'ny fiangonana maneho ny Sitrapony. Tena diso izany. Andriamanitra dia ao amin'ny Teniny, ary miteny amin'ny alalan'ny Teny manambarana ny Sitrapony. Nilaza ihany koa izy fa mametraka toky tanteraka amin’ny tenin’olombelona ka manaiky izany am-

pitoniana. Toa tena mahafinaritra ny fahenoana an’izany kanefa izany koa dia tena diso. Tahaka ny fahasimbana tao amin'ny Sahan'i Edena.

Eto ary dia aoka isika handeha ao amin'ny Apokalypsy 17 ka hijery ity vehivavy ity, ny fiangonana, izay velona amin'ny faminaniana diso fa tsy ny Tenin'Andriamanitra. Ao amin'ny andininy 1 Andriamanitra dia miantso azy ho ilay vehivavy janga lehibe. Nahoana moa izy no vehivavy janga? Satria ao amin'ny fanompoan-tsampy. Tratrany ho amin’izany zavatra izany ny olona. Inona no fanafodin’ny fanompoan-tsampy? Ny Tenin'Andriamanitra. Noho izany io vehivavy io dia vehivavy janga, satria izy efa nandao ny Teny. Eo izy mipetraka eo ambonin'ny rano maro, izay midika hoe olona maro be. Azo antoka fa tsy maintsy io ny fiangonana diso, satria ny fiangonan'Andriamanitra dia kely -- vitsy no mahita azy.

Mariho ny momba azy eo imason' Andriamanitra, na dia mahafinaritra aza ny fijerin’ny olona azy, ary araka ny filozofia ny fahenoana azy.Izy dia mamo teo amin'ny fijangajangany. Ary izy dia mamon'ny ràn'ireo maritiora. Tahaka an'i Jezebela izay namono ny mpaminany sy ny mpisorona ary nandringana ny olon'Andriamanitra izay tsy nety niankohoka sy nivavaka tamin’i Bala. Ary izany indrindra no nataon'ny Eglizy Katolika. Izy ireo dia namono ireo izay tsy nety niankohoka eo anatrehan'ny lalana papaly. Ireo izay naniry ny Tenin'Andriamanitra fa tsy ny tenin'ny olona dia novonoina ho faty, mandrakariva tamin'ny fomba feno habibiana. Ary ity fiangonana ity izay namono olona dia maty koa fa tsy nahalala izany. Tsy nisy fiainana ao aminy ary tsy misy famantarana nanaraka azy.

FOTOANA HIBEBAHANA.
Apokalypsy 2:21; "Ary nomeko fotoana mba hibebahana izy amin'ny fijangajangany, fa tsy nataony." Fantatrao ve fa ity fiangonana ity raha ny marina dia ratsy noho Ahaba? Fantatrao ve fa nibebaka nandritra ny fotoana fohy izy, ary nandeha moramora teo anoloan'Andriamanitra? Tsy afaka milaza ianao amin’ny Fiangonana Katolika Romana. Tsia tompoko. Tsy mbola nibebaka na oviana na oviana izy fa nikiry nandringana izay rehetra niezaka hanampy azy mba hibebaka. Izany no tantara. Ary Andriamanitra ankehitriny dia mitohy manangana ireo iraka isaky ny vanim-potoana, ary Izy dia nanangana mpanampy mahafinaritra ho an'ireo iraka ireo. Nomeny lehilahin’Andriamanitra mahafinaritra isaky ny vanim-potoana, ary izy ireo nanao ny zava-drehetra azony natao mba hitondrana ny fiangonana hiverina amin'Andriamanitra. Nomen’Andriamanitra azy tokoa ny fahafahana sy fanampiana mba hibebaka. Moa ve izy nibebaka ka naneho fa nataony izany tamin’ny vokatra navoakany? Tsia tompoko. Tsy nanao na oviana na oviana izy ary tsy hanao mihintsy. Mamo izy.Very ny sainy amin'ny zavatra ara-panahy.

Ary ankehitriny aza sahiran-tsaina sy manomboka mieritreritra fa ny Fiangonan'i Roma efa nibebaka tamin'ny famonoana ny olona masina, satria izy nitady hikambana tamin'ny Protestanta tamin’ny fanaovana ny fanekem-pinoany milahatra amin'ny Fanekem-pinoana Protestanta. Tsy nisy na dia indray mandeha aza nialany tsiny fa diso izy tamin’ny famonoana olona maro be nataony. Ary dia tsy hanao izy. Ary na dia mahafinaritra sy mamy aza ny fisehony amin'izao fotoana miavaka izao, dia mbola hitsangana hamono izy, satria ny vonoan-olona mandry ao amin'ilay fony ratsy sy tsy mibebaka.

NALEFA NY DIDIM-PITSARANA HO AN’ILAY MPIVARO-TENA.
Apokalypsy 2: 22-23: "Indro Izaho hanipy azy eo am-pandriana , sy ireo izay mijangajanga miaraka aminy ho ao amin'ny fahoriana lehibe, raha tsy mibebaka izy ireo amin'ny asany. Ary hovonoiko amin'ny fahafatesana ireo zanany; ary ny fiangonana rehetra hahalala fa Izaho no Ilay mandinika ny voa sy ny fo, ary ianareo rehetra samy Omeko araka ny asanareo avy.

Ahoana? Ity vehivavy ity manan-janaka? Ary izy vehivavy janga? Raha izany no izy dia nanana zaza

tamin’ny fijangajangany izy ka tsy maintsy ho dorana amin'ny afo araka ny voalazan’ny Teny. Izany no tena marina. Izany no hiafarany, fa tsy maintsy ho dorana amin'ny afo izy. Ny fiafarany dia ny farihy afo. Fa mijanona ary mieritrereta momba ireo zanaka ireo mandritra ny fotoana fohy. Ny vehivavy ihany no ivoahan’ny zanaka. Mazava ho azy fa io vehivavy io dia nanana zanaka nivoaka avy tao aminy ary nanao toy izay nataony koa. Manehoa ahy fiangonana iray izay nivoaka avy tao amina fikambanana ka tsy nandeha niverina ho amin’izany. Tsy misy na dia iray akory aza. Na iray aza. Ny Loterana nivoaka, ary avy eo nanao fikambanana, ary ankehitriny izy ireo tànana anaty saro-tànana miaraka amin'ity hetsika iraisam-pinoana ity. Ny Metodista nivoaka ary nikarakara tsara indray. Ny Pentekotista nivoaka ary nandamina tsara indray. Tsy maintsy misy iray hafa hivoaka, koa deraina Andriamanitra fa tsy handamina indray izy ireo satria mahalala ny fahamarinana. Izany vondrona izany no ampakarina amin’ny andro farany.

Ary voalaza eto fa io vehivavy janga io nanan-janaka. Ary inona izy ireo? Zanaka vavy izy ireo, fa izy ireo no fiangonana tahaka azy. Ary eto no tena teboka mahaliana. Jezebela sy Ahaba nanana zanakavavy. Izany zanakavavy izany nanambady an’i Jehorama zanak'i Josafata, ary ao amin’ny 2 Mpanjaka 8:18 dia voalaza fa "Jehorama nandeha tamin'ny lalan'ny rafozan-dahiny." Niditra tamin’ny fanompoan-tsampy izy tamin’io fanambadiana io. Nentin’ny tamin’ny fanompoan-tsampy i Joda izay matahotra sy nivavaka tamin'Andriamanitra.nanompo. Izany indrindra no nataon’ireo fiangonana zanakavavy rehetra, dia araka izay efa nanamarihako azy taminareo. Nanomboka tao amin'ny fahamarinana izy ireo, ary nanambady ny fandaminana,ka navelany ny Teny ho an'ny fombafomba, fanekem-pinoana sns… Ankehitriny mamelà ahy ianareo hanazava izany. Ao amin'ny Hebreo 13:7 dia milaza hoe: "Ankatoavy ireo izay manana fahefana aminareo, izay niteny taminareo ny Tenin'Andriamanitra." Ny Teny no manapaka antsika, fa tsy olona. Ary ny lahy amin’ny maha vady azy no lohan'ny vehivavy. Izy no mitondra azy. Fa ny fiangonana koa dia ny vehivavy, ary ny mpanapaka azy dia ny Teny. Jesosy no Teny. Raha mandà ny Teny izy ka maka mpitondra hafa dia mpijangajanga. Ary ankehitriny dia omeo anarana fiangonana iray aho ka tsy niala tamin’ny Teny ho an'ny fomba amam-panao sy ny fanekem-pinoany. Izy rehetra dia mpijangajanga vavy -- dia ny reny sy ny zananivavy.

Inona no ho sazin’ilay vehivavy janga sy ny zanany? Eny, izany dia tsy maintsy lafiny roa. Voalohany hoy Izy hoe: "Izaho dia hanipy azy ao amin’ny fandriana iray." Araka ny tapany farany amin'ny andininy faha-22 dia ny fandrianan’ny fahoriana, na ny fahoriana lehibe.Izany indrindra no nolazain’ i Jesosy ao amin'ny Matio 25:1-13. Nisy virijina folo. Dimy hendry sy dimy adala. Ary ny dimy hendry nanana solika (ny Fanahy Masina) fa ny dimy hafa tsy nanana. Rehefa tonga ny antso, "Indro avy ny Mpampakatra," ny dimy adala tsy maintsy nihazakazaka nitady solika raha ny virijiny dimy hendry kosa niditra tao amin'ny fampakaram-bady. Ary ny dimy sisa tafajanona teo ivelany dia tratran’ny fahoriana lehibe. Izany no zavatra hitranga amin'ireo rehetra izay tsy miakatra any amin'ny fisandratana. Izany no hihatra amin’ilay mpivaro-tena sy ny zananivavy. Faharoa, voalaza fa Izy no hamono azy ireo amin’ny fahafatesana na raha adika ara-bakiteny dia hoe: "Aoka hovonoina amin'ny fahafatesana izy ireo." Izany dia teny toa hafahafa.

Afaka miteny isika hoe: "aoka ny olona hovonoina ho faty amin'ny alalan'ny fanantonana, na ny herin’aratra, na fomba hafa." Fa eto kosa manao hoe: "Aoka hovonoina amin'ny fahafatesana." Fahafatesana no anton'ny mahafaty azy ireo. Ankehitriny dia tiako ianareo mba hahita izany mazava tsara ka haka fanoharana indray aho ny amin'ny zanakavavin'i Jezebela manambady tao an-tranon'i Joda, ary tamin'ny alalan'izany dia nitondra fanompoan-tsampy ka nahatonga an'Andriamanitra hanolotra an’i Joda ho amin’ny fahafatesana. Izany koa no nataon'i Balama, koa. Ary eto dia i Jezebela sy ny fanompoan-tsampiny. Ery Joda manao araka ny tokony ho izy ny fanompoana an'Andriamanitra

ary miaina eo ambanin’ny Teny. Ary Jezebela nampanambady ny zanany vavy an'i Jehorama. Ny minitra izay nitrangan’izany, Jehorama dia nahatonga ny olona ho lasa mpanompo sampy. Ny minitra nitrangan’ny mariazy dia maty Joda. Niditra ny fahafatesana ara-panahy. Ny minitra nanaovan’ny fiangonana voalohany tao Roma fandaminana (fikambanana), dia maty izy. Ny minitra nanaovan’ny Loterana fikambanana dia niditra ny fahafatesana ka maty izy ireo. Ny Pentekotista no tonga farany ary dia nanao fikambanana izy ireo. Lasa ny Fanahy, na dia tsy mino izany aza izy ireo. Fa nataony izany. Ilay mariazy dia nitondra fahafatesana. Ary avy eo ny hazavàn'ny MAHA IRAY an’Andriamanitra dia tonga. Nandamina ihany ko izy ireo dia maty koa. Ary taorian’ny afon'Andriamanitra nilatsaka tao amin'ny Reniranon'i Ohio tamin'ny 1933, ny fifohazam-panahin’ny fanasitranana dia nanenika izao tontolo izao, fa izany tsy mba tonga tamin'ny alalan'ny fikambanana na oviana na oviana. Andriamanitra nandeha teo ivelan'ny vondrona Pentekotista, ivelan'ny fikambanana, ary izay Hataony amin'ny ho avy dia tsy maintsy ivelan'ny fandaminana koa. Andriamanitra dia tsy afaka miasa ny alalan'ny maty. Amin'ny alalan'ny mpikambana VELONA ihany no iasany. Ireo mpikambana velona ireo dia any ivelan’i Babylona.

Koa hitanareo, "fahafatesana", na "Fikambanana" no tonga, ary ny fiangonana dia maty, na hanaovana azy mazava kokoa, ny fahafatesana dia lasa fonenana izay tsy ela akory ny FIAINANA no nanjaka tao. Tahaka an’i Eva tany am-boalohany nitondra fahafatesana ho an'ny olombelona, ankehitriny ny fikambanana mitondra ny fahafatesana, satria ny fikambanana dia ny vokatr’ilay roa mpanao ratsy, Nikolaitanisma sy Balamisma, aelin'ny mpaminanivavy Jezebela. Ankehitriny Eva dia tokony efa nodorana niaraka tamin’ny menarana noho ny asa mahatsiravina nataon’izy ireo. Fa niditra an-tsehatra i Adama, naka azy haingana ho eo aminy ka dia voavonjy izy. Fa rehefa nandeha tamin’ny vanim-potoana rehetra io fivavahana Satanika io dia tsy hisy olona hiditra an-tsehatra, ary izy dia ho may miaraka amin’ny mpamitaka azy, fa ny vehivavy janga sy ny zanany ary ny antikristy sy Satana dia hahita ny toeran’izy ireo ao amin'ny farihy afo.

Eto aho, dia lasa aloha, ary angamba mety tsy maintsy ho tehiriziko ity ho an’ny hafatra amin'ny vanim-potoana farany, kanefa rariny sy hitsiny raha toa ka ampidirina izy izao satria mifandraika mazava tsara momban’ny fikambanana sy izay hitranga avy amin’izany. Ary te hampitandrina anareo aho. Apokalypsy 13:1-18, "Ary nitsangana teo ambonin'ny fasiky ny ranomasina aho, ka nahita bibi-dia niakatra avy tamin'ny ranomasina, nanan-doha fito sy tandroka folo, ary eo amin'ny tandrony satro-boninahitra folo, ary eo amin'ny lohany dia nisy anarana fitenenan-dratsy an’Andriamanitra. Ary ny bibidia izay hitako dia tahaka ny leoparda, ary ny tongony tahaka ny tongotry ny bera, ary ny vavany tahaka ny vavan'ny liona, ary ilay dragona nanome azy ny heriny sy ny seza fiandrianany ary fahefana lehibe. Ary hitako ny iray tamin’ny lohany, toa maratra efa ho faty, ary ny fery saika nahafaty azy dia sitrana: ary gaga ny tany rehetra nanaraka ilay bibi-dia.

Ary izy ireo nitsaoka (nanompo) ilay dragona izay nanome ny fahefana ho an'ilay bibidia; ary niankohoka teo anoloan'ilay bibidia izy ireo, nanao hoe: Iza no tahaka ny bibidia? iza no afaka hiady aminy? Ary nomena azy ny lela miteny zavatra mihoapampana sy fitenenan-dratsy an’Andriamanitra; ary nomena fahefana mba hiasa roa amby efa-polo volana izy. Ary nanokatra ny vavany hiteny ratsy an'Andriamanitra izy, mba hiteny ratsy ny Anarany sy ny Taberinakeliny, sy ireo izay mitoetra ao an-danitra. Ary nomena azy ny mba hiady amin'ny olona masina ary haharesy azy ireo; ary nomena hery izy amin’ny foko sy ny fiteny rehetra, ary firenena.

Ary izay rehetra monina ambonin'ny tany, dia hiankohoka aminy,izay ny anarany dia tsy voasoratra ao amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, izay voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao. Raha misy manan-tsofina, aoka izy hihaino. Ary izay mitondra any amin'ny fahababoana dia ho lasan-ko babo; izay mamono amin'ny sabatra tsy maintsy hovonoina amin'ny sabatra. Indro ny faharetana sy

ny finoan'ny olona masina. Ary nahita biby hafa aho niakatra avy amin'ny tany; ary nanan-tandroka roa tahaka ny an'ny zanak'ondry izy sady niteny tahaka ny dragona. Ary ny fahefana rehetra nananan'ilay bibi-dia voalohany dia nampihariny, ary nahatonga ny tany sy izay monina eo aminy hiankohoka eo anatrehan'ilay bibidia voalohany, izay efa sitrana ny ratrabe taminy. Ary manao famantarana lehibe izy, ka dia mampidina afo avy any an-danitra amin'ny tany eo imason'ny olona. Ary mamitaka izay monina ambonin'ny tany izy tamin 'ny alalan' ireo famantarana izay efa nananany fahefana teo imason'ilay bibidia; ka nanao tamin'ireo izay monina ambonin'ny tany, fa tokony hanao sary ho an'ilay bibi-dia, izay nanana fery vokatry ny sabatra, nefa velona ihany. Ary navela hanisy aina ny sarin'ilay bibidia izy, mba hiteny koa ny sarin'ny bibidia, ka hahatonga izay rehetra tsy mety miankohoka amin'ny sarin'ny bibidia ho vonoina. Ary nahatonga ny rehetra, na kely na lehibe, manan-karena na malahelo, andevo na tsy andevo, handray ny marika eo amin'ny tànany ankavanana, na eo amin'ny handriny; mba tsy hisy hahazo hividy na hivarotra, afa-tsy izay manana ny marika ihany, na ny anaran'ny bibidia, na ny isan'ny anarany. Indro ny fahendrena. Aoka izay manan-tsaina hanisa ny isan'ny bibi-dia; fa isan'ny olona izany; ary ny isany dia 666.

Ity toko ity dia mampiseho ny herin'ny Eglizy Katolika Romana sy ny zavatra hataony amin'ny alalan'ny fikambanana. Tsarovy fa ity no voaloboka tsy izy. Aoka izy hanonona ny Anaran'ny Tompo, dia manao izany amin'ny lainga ihany izy. Ny fitantanana azy dia tsy avy amin'ny Tompo, fa Satana. Ny hiafarany dia ho hita tanteraka miaraka amin'ny bibidia. Ilay vehivavy janga nitaingina bibidia mena dia maneho fa ny heriny dia ny andriamanitry ny hery (Satana) fa tsy ny Andriamanitsika, Jesosy Kristy Tompo.

Ao amin'ny andininy faha-17, izany dia mampiseho, fa izy no hahazo ny tena fanaraha-maso ny varotra amin'ny tany, satria tsy misy olona afaka hividy na hivarotra afa-tsy izy. Izany dia hita ao amin'ny Apokalypsy 18:9-17 izay mampiseho ny fiarahany tamin'ny mpanjaka, andriana, mpivarotra, izy rehetra tsy maintsy mifandray amin'ny Roma sy ny varotra.

Ao amin'ny Apokalypsy 13:14, dia mianatra isika fa ilay bibidia manaparitaka ny fahefany amin'ny alalan'ny sary izay natao ho azy. Ilay sary izay natao ho Kônsily ekiomenika eran-tany, izay hiarahan'ny fikambanana fiangonana rehetra miaraka amin'ny Katolika Romana (efa manao izany izy ireo na dia ankehitriny aza.) Izany dia tena azo heverina fa io fiarahana io dia ho avy mba hampitsahatra ny herin'ny kaominisma. Fa satria kominisma tahaka an'i Nebokadnezara no natsangana mba handoro ny nofon'ny vehivavy janga, Roma dia ho resy sy potika. Mariho fa izay rehetra nandehanan'ny fiangonana Romana, dia nanaraka ny kaominisma nanaraka. Tsy maintsy ho toy izany. Ary aoka hananatra anareo aho ankehitriny, aza mihevitra fa ny kominisma no hany fahavalonareo. Tsia tompoko. Ny Eglizy Katolika koa, ary mihoatra noho izany aza.

Andeha isika hamaky ny Apokalypsy 13:1-4, ary ampitaha izany amin'ny Apokalypsy 12:1-5. Apokalypsy 13:1-4: "Ary nitsangana teo ambonin'ny fasiky ny ranomasina aho, ka nahita bibi-dia niakatra avy tamin'ny ranomasina, nanana loha fito sy tandroka folo, ary eo amin'ny tandrony folo misy diadema folo, ary eo amin'ny lohany dia nisy anarana fitenenan-dratsy. Ary ny bibidia izay hitako dia tahaka ny leoparda, ary ny tongony tahaka ny tongotry ny bera, ary ny vavany tahaka ny vavan'ny liona; ary ilay dragona nanome azy ny heriny sy ny fitoerany ary fahefana lehibe. Ary hitako ny lohany anankiray, izay toa maratra ka efa ho faty; Ary ny ratrabeny dia sitrana; ary gaga ny tany rehetra nahita ilay bibidia. Ary izy ireo niankohoka tamin'ilay dragona izay nanome ny fahefana ny bibidia; ary niankohoka teo anoloan'ilay bibidia izy ireo, ka nanao hoe: Iza no tahaka ny bibidia? Iza no afaka hiady aminy?" Apokalypsy 12: 1-5, "Ary nisy famantarana lehibe hita tany an-danitra; dia vehivavy mitafy ny masoandro, ary ny volana no eo ambanin'ny tongony, ary amin'ny lohany misy satro-boninahitra kintana roa ambin'ny folo; Ary raha bevohoka izy dia nitaraina, mihetsi-jaza, ary marary fatratra fa efa

hiteraka. Ary nisy famantarana hafa koa hita tany an-danitra; ary indro nisy dragona mena lehibe manana loha fito sy tandroka folo, ary misy diadema fito amin'ny lohany. Ary ny rambony dia nanala ny ampahatelon'ny kintana amin'ny lanitra, ka nanjera ireny ho amin'ny tany; ary ilay dragona nijanona teo anatrehan'ilay vehivavy izay efa ho teraka, mba handrapaka ny zanany, raha vao teraka. Ary niteraka zazalahy izy, izay hanapaka ny firenena rehetra amin'ny tehim-by; ary ny zanany novonjena faingana nakarina ho any amin'Andriamanitra, dia ho any amin'ny seza Fiandrianany." Satana sy ny fivavahana no ao amin'ireo bibidia roa ireo. Ao amin'ny Apokalypsy 14, ilay bibidia izay efa naratra ho amin'ny fahafatesana, fa velona indray dia ny ampira (fanjakana) mpanompo sampy Romana izay lavo tamin'ny fanafihan'ireo olon-dia, ary tamin'ny alalan'izany dia very ny heriny ara-nofo. Fa azony indray izany tamin'ny Roma papaly. Hitanareo ve izany? Ilay firenena izay nanjaka tamin'ny fanorotoroana ny rehetra ary lasa ilay fanjakana (ampira) mafy indrindra fantatra, dia naratra efa ho faty tamin'ny farany. Ny heriny ara-batana tsy nisy intsony toy ny fanaraha-maso amin'ny alalan'ny tafika sns… Fa teo ambanin'ny Constantin dia velona indray izy, fa ny Roma papaly dia tafiditra nanerana izao tontolo izao, ary ny heriny dia tsy refesi-mandidy. Mampiasa mpanjaka sy mpivarotra izy, ary ao amin'ny fivavahany sy fidiram-bolany izay mahatonga fahafatesana dia mifehy tahaka ny andriamanibavin'izao vanim-potoana izao izy. Izy ihany koa ilay dragona izay nitsangana teo handrapaka ilay zazalahy. Heroda nitady hamono an'i Jesosy Tompo fa tsy nahomby. Taty aoriana Jesosy voahombon'ny miaramila Romana tamin'ny hazo fijaliana, fa ankehitriny dia nakarina ho any amin'ny seza fiandrianana.

Ary miaraka amin'ireo izay vao avy nolazaiko ireo dia tadidio ny fahitan'i Daniela. Ny tapany farany amin'ny sary, ny fanjakana farany natanjaka dia teo amin'ny tongony. Izany dia vy sy tanimanga. Jereo fa ny vy dia ny Fanjakana Romana. Fa ankehitriny izy dia tsy vy matanjaka intsony. Mifangaro aminy ny tanimanga. Na izany aza dia eo izy ary mikarakara ny raharahan'izao tontolo izao ao amin'ireo firenena roa demokratika sy tena jadona. Ny fiangonana Romana dia amin'ny firenena rehetra. Efa mifangaro ao amin'izany rehetra izany izy.

Mamelà ahy hanome anareo zavatra kely momba ny vy sy ny tanimanga. Tsaronareo ve rehefa nikapoka ny kirarony teo amin'ny latabatra Khrushchev tao amin'ny Firenena Mikambana? Eny, nisy firenena dimy avy any atsinanana, ary dimy avy any andrefana. Khrushchev nisolo tena ny Atsinanana ary ny Filoha Eisenhower ho an'ny Andrefana. Amin'ny teny Rosiana, Khrushchev dia midika tanimanga ary Eisenhower dia midika hoe vy. Ireo mpitarika lehibe roa eo amin'izao tontolo izao, ny rantsan-tongotra lehibe roa vy sy tanimanga, dia miaraka. Isika dia ao amin'ny fiafaran'izany rehetra izany.

Ao amin'ny andininy faha-4 dia manontany hoe: "Iza no afaka hiady amin'ilay bibidia?" Ankehitriny amin'izao fotoana izao dia misy anarana lehibe eo amin'izao tontolo izao. Misy ny firenena mahery, fa amin'izao fotoana izao Roma no misarika ny rehetra. Ny papa no eo amin'ny familiana ny fiara. Ary ny heriny dia hitombo. Tsy misy afaka hiady aminy.

Andininy faha-6 "Ary nanokatra ny vavany hiteny ratsy an'Andriamanitra." (Manao foto-pampianarana ny didin'olombelona,mandresy lahatra,miavonavona, tia fahafinaretana, manana ny endriky ny toe-panahy araka ny fahamasinana kanefa mandà ny hery ao aminy.) Niteny ratsy ny anaran 'Andriamanitra izy-- nanova ilay Anarana ho lohateny ary tsy mety manao raha tsy izany.

Andininy faha-7 "Ary navela hiady tamin'ny olona masina izy." Fanenjehana - fahafatesana ho an'ny mpino marina ary izany rehetra izany dia amin'ny Anaran'ny Tompo mba hitenenana ratsy ny anaran'Andriamanitra, tahaka ny any Rosia, noho ny zavatra nataon'ny fivavahana Katolika, andininy 8, "Ary izay rehetra monina ambonin'ny tany (izay rehetra tsy manana ny anarany voasoratra ao

amin'ny Bokin'ny Fiainan'ny Zanak'ondry, izay voavono hatramin'ny nanorenana izao tontolo izao) dia hiankohoka eo anatrehany." Isaorana Andriamanitra fa ny ondry dia tsy hanompo azy. Ny olon-drehetra afa-tsy ny olom-boafidy dia ho voafitaka. Izy ireo dia tsy ho voafitaka satria henony ny feon'ny Mpiandry ondry ka harahiny.

Koa ankehitriny, dia jereo izany, ny zavatra noezahina naseho anareo. Io taranaky ny fahafatesana io izay nanomboka tamin'ny vanim-potoana voalohany-- izany taranaky ny fikambanana izany, dia nitombo lasa hazo no niafarany izay ny vorona rehetra maloto no mitoetra ao. Na dia teo aza ny filazany fa izy no manome ny fiainana, izy no manome ny fahafatesana. Ny voany dia FAHAFATESANA. Izay mandray anjara miaraka aminy dia maty. Io rafitra mahery vaika manadala an'izao tontolo izao io dia ao aminy ny famonjena ara-batana sy ara-panahy, mamitaka sy manapotika ny maro. Tsy vitan'ny hoe fahafatesana maka endrik'olona ihany izy fa io fitoeran'ny zava-boary maty io dia ho vonoina amin'ny fahafatesana, dia ny farihy afo. Enga anie ny olona ka hahita izay hiafarany amin'ny fijanonany ao aminy. "Mialà aminy, fa nahoana no ho faty ianao?"

FAMPITANDREMANA FARANY.
Apokalypsy 2:23. "Ary hovonoiko amin'ny fahafatesana ny zanany; ary ny fiangonana rehetra hahalala fa Izaho Ilay mandinika ny voa sy ny fo; ary samy homeko araka ny asany avy ny tsirairay aminareo."

Andriamanitra mijery ny fo. Izany dia tsy niova. Ary tsy hiova izany mandrakizay. Eto, tahaka ny vanim-potoana rehetra dia misy vondrona roa, samy milaza ny fanambarany fa avy amin'Andriamanitra sy ny fifandraisany amin'Andriamanitra. "Kanefa ny fanorenan'Andriamanitra dia miorina tsara sady manana ity tombo-kase ity, fantatry ny Tompo ny Azy." II Timoty 2:19. "Ny Tompo dia mandinika ny voa." ny teny hoe mandinika dia midika hoe `mizaha ' na 'manaraha-maso.' Andriamanitra manara-maso ny eritreritsika (voa); Izy no mahalala izay ao am-pontsika. Hitany ny asantsika izay fanehoana mazava izay mitoetra ao anatintsika. Avy amin'ny fo no mivoaka ny fahamarinana na ny faharatsiana. Ny fikasantsika, ny tanjona-- fantany daholo izany satria Izy mijery ny fihetsika rehetra. Ary ny fihetsika rehetra, ny teny rehetra dia ho entina eo amin'ny fitsarana, rehefa omena ny fitantarana ny fiainantsika. Tsy misy fahatahorana an'Andriamanitra eo anoloan'ny voaloboka tsy izy, ary ho vidian'izy ireo lafo izany. Aoka izay rehetra manona ny Anarany, mba hiaina tahaka ny tonga olona masina. Azontsika atao ny manadala ny olona fa tsy afaka hanadala ny Tompo na oviana na oviana isika.

NY FAMPANANTENANA AO AMIN'IREO ANDRO MAIZINA IREO.
Apokalypsy 2:24-25. "Fa lazaiko aminareo, amin'ny sisa ao Tyatira, na iza na iza tsy manana izany fampianarana izany, ary izay tsy mbola nahalala ny halalin'ny Satana, rehefa miteny; Tsy misy zioga hafa ho ataoko eo aminareo. Fa izay efa anananareo dia tano mafy mandra-pihaviko. "Ary alohan'ny handenantsika ao amin'ny fampanantenana dia aoka aho hampiseho indray fa ny fiangonana araka ny voalazan'ny Fanahy ao amin'ity boky ity dia manana voaloboka roa mirafitra amin'ny rantsana mifampiolikolika." Fa Izaho kosa milaza aminareo, ary ho amin'ny sisa tavela any Tyatira, izay tsy nanana ity foto-pampianarana ity. "Eo ilay izy. Miteny amin'ny vondrona roa Izy. Ny iray manana ny foto-pampianarana, ny iray tsy manana. Eo izy ireo, niely manerana ny firenena samy manana ny foto-pampianarany hifanoherana. Ny iray dia avy amin'Andriamanitra, satria fantany ny Halaliny, ny iray avy amin'i Satana, mahalala ny halalin'i Satana.

"Tsy hisy zioga hafa apetrako eo aminao." Ny teny hoe zioga dia lanja na fanerena. Ny faneren'ny Vanim-potoana Maizina dia miforitra, na tapaka. Miankohofa na matesa. Izany dia ny fametrahana fanontaniana an'avona (Inquisition), ny herin'ny fanjakana manohana ny fivavahana Satanika. Manaova fikambanana na aloavy amin'ny ainao. Samy nanana ny fanerena ny vanim-potoana tsirairay.

Ohatran ny fanerena lehibe amin’ny vanim-potoana farany dia ny fanerena ny harena, fiainana malefaka sy fikizitinana eo amin'ny vanim-potoana sarotra izay toa tsy mety amintsika ny hiaina ao. Ity taona fahefatra dia toa efa mazava ny enta-mavesatra nentiny. Izany dia ny fanoherana an’i Roma, mijoro ho an’nyTeny na dia ho amin'ny fahafatesana aza.

"Tsy mahalala ny halalin’i Satana izy ireo." Io andininy io dia toa navelan’ny mpitantara satria izy ireo tsy afaka ny hahalala izay foto-pampianarana, na traikefa tiana holazaina mifandraika amin'io andian-teny io. Ny tena marina dia tsotra ny mahalala izay tiana holazaina eto. Aoka isika aloha ahafantatra ny halalin'Andriamanitra, ary ny mifanohitra amin'izany dia azo antoka fa ny halalin'i Satana. Ao amin'ny Efesiana 3:16-19. " Mba homeny anareo, araka ny haren'ny voninahiny, ny mba hohatanjahina fatratra amin'ny Fanahiny ny toe-panahinareo; mba hitoeran'i Kristy ao am-ponareo amin'ny finoana, ka hamaka sy hiorina mafy amin'ny fitiavana ianareo, mba hahaizanareo mbamin'ny olona masina rehetra ny hahafantatra tsara izay sakany sy lavany ary hahavony sy halavany ary hahalala ny fitiavan'i Kristy, izay mihoatra noho ny fahalalana, mba hamenoana anareo amin'ny fahafenoan'Andriamanitra rehetra.” Ary araka ireo andininy ireo, raha misy olona mahatsapa ny halalin'Andriamanitra eo amin'ny fiainany, dia ny traikefa manokana niainany tamin’ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao aminy, ary ny sainy dia hazavain'ny fahendrena sy ny fahalalana an'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Teny. Fa ny halalin'i Satana dia miezaka ny handrava izany. Hanao izay hametrahana solony amin'izany zava-misy avy amin'Andriamanitra izany mandrakariva izy. Ahoana no hanaovany izany? Ho esoriny ny fahalalana ny marina momba ny fahamarinan'Andriamanitra -- mandringana ny Teny amin'ny alalan'ny fametrahana ny azy manokana izy, "Eny nilaza izany ve Andriamanitra?" Ho soloiny izany ny olona Kristy ao amin’ny fanahintsika. Ho ataony izany, tahaka ny nataony tamin’Isiraely, amin'ny alalan'ny olombelona manjaka ho mpanjaka fa tsy Andriamanitra. Ny zava-misy amin’ny fahaterahana indray dia holavina hanomezana lanja ny fidirana am-piangonana. Ny halalin’i Satana efa niditra tao amin'izany vanim-potoana izany. Ary ny vokatr’izay halalin’i Satana izany dia lainga, vonoan'olona sy heloka bevava mahatsiravina no nivoaka avy amin’izany.

NY VALISOA.
Apokalypsy 2:26-29. "Ary izay maharesy ka mitandrina ny Asako hatramin'ny farany dia ho Homeko fahefana amin'ny jentilisa; ary Izy hanapaka azy amin'ny tehim-by; tahaka ny fanaky ny mpanefy tanimanga ny hahamontsana azy ireo, eny tahaka izay nandraisako tamin’ny Raiko. Ary homeko azy ny kintan'ny maraina. Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana."

"Izay maharesy ka mitandrina ny Asako hatramin'ny farany." Tena Miharihary amin'ny fanamarihan’ny Fanahy eo amin'ny asa izay tadiavin’ny Tompo hidiran’ny Azy, mba ahitany ny Heviny amin’ny asan’ny fahamarinana. In’efatra Izy no nilaza momba ny asa. Ary ankehitriny Hoy izy, fa izay manao ny asany amim-pahatokiana mandrapaha-tongan’ny farany dia homena fahefana amin'ny jentilisa, ka ho matanjaka, mahay, mpitondra tsy miforitra izay afaka miatrika amin-kery izay toe-javatra misy, eny fa na ny fahafavalo ratsy indrindra aza dia ho potika raha ilaina. Ny fanehoany ny fanapahany amin-kery dia ho tahaka ny an’ilay tena Zanaka. Izany no tena mahagaga. Fa aoka isika hijery izany fampanantenana izany ao amin'ny fahazavan'ny vanim-potoana. Roma dia nahery vaika tamin'ny fanampian’ny fanjakana, mampiasa mpanjaka ary tafika, mamotika sy manorotoro izay rehetra eo anoloany. Namono olona an-tapitrisany izy, ary mbola te hamono olona an-tapitrisany maro izay tsy mety hiankohoka aminy. Nametraka mpanjaka araka ny sitrapony izy, na nanetry azy ireo azy ireo na oviana na oviana azony nanaovana izany. Eny, raha ny marina ny fitsabahany no nahatonga ny firenena ho lavo, satria izy efa nanapa-kevitra handrava ny olom-boafidin'Andriamanitra. Ny asany dia asan'ny devoly, satria izy mpamono olona sy mpandainga tahaka azy. Fa ho avy ny andro izay hilazan’ny Tompo hoe: "Ento ireo Fahavaloko eo anatrehako ka vonoy izy ireo." Noho izany ny marina dia hiaraka amin’ny Tompony, rehefa hianjera amin’ireo mpiteny ratsy ny Fahatezeran’ny

fahamarinany. Ny olo-marina tonga miaraka Aminy ao amin'ny voninahitra, dia handrava ireo izay nanimba ny tany sy nahavita nandringana ny olomasin 'Andriamanitra. Izany no vanim-potoana taona mampitodika takolaka, amin'ny fahoriana mahatahotra; fa ho avy ny andro hanjakan'ny fahamarinana ary iza no hahajoro eo amin'ny afony, ka ho avotra? Ny navotan'ny Tompo ihany.

"Ary homeko azy ny kintan'ny maraina." Araka ny Apokalypsy 22:16, sy II Petera 1:19, i Jesosy no ilay Kintan'ny Maraina. "Izaho no Fakany (root) sy taranak'i Davida, ilay Kintana maraina mamirapiratra." "Mandra-pahazavan'ny andro, ary ny kintan'ny andro hitsangana ao am-ponareo." Ny Fanahy noho izany dia manao fampanantenana ho an'ny olom-boafidy ao amin'ny Vanim-potoana Maizina momba ny Tenany, ary avy eo ny vanim-potoana ho avy.

Araka ny efa voalaza, i Jesosy dia maneho ny Tenany amin'ny iraka isaky ny vanim-potoana. Izy ireo nandray ny fanambarana avy Aminy momba ny Teny ho an'ny fe-potoana tsirairay. Io Teny fanambarana io no mitondra ny olom-boafidin'Andriamanitra hiala amin'izao tontolo izao ho tafaray tanteraka amin'i Jesosy Kristy. Ireo olona dia antsoina hoe kintana, satria mamirapiratra tamin'ny hazavàn'ny Zanaka, nindramina na nitaratra, dia Jesosy. Izy ireo dia nantsoina ihany koa hoe kintana satria izy ireo 'mpihazona' ny fahazavàna amin'ny alina. Izany dia amin'ny fahamaizinan'ny ota, mitondra ny fahazavan'Andriamanitra izy ireo ho an'ny olony.

Izao no Vanim-potoan'ny Haizina. Tena maizina izy satria ny Tenin'ny Tompo dia efa saiky niafina tanteraka tamin'ny olona. Ny fahalalana ny Avo Indrindra dia efa saika nitsahatra. Ny fahafatesana nandresy mpino maro isa mandra-paha ripaka azy ireo. Ny zavatra momba an'Andriamanitra dia lasa any ambany indrindra tamin'io daty io, ary i Satana tahaka ny azo antoka fa handresy ny vahoakan'Andriamanitra.

Raha misy olona mila fampanantenana ho tia ny tany tsy misy alina, dia ny vahoakan'ny Vanim-potoanan'ny Maizina. Ary izany no mahatonga ny Fanahy hampanantena azy ny kintanan'ny maraina. Milaza amin'izy ireo fa ny Lehiben'ny Kintana, dia i Jesosy, Izay mitoetra ao amin'ny fahazavana izay tsy misy olona afaka hanatona, amin'ny fanjakana ho avy hanazava azy ireo amin'ny fanatrehan'ny Tenany. Tsy hampiasa ireo kintana intsony (iraka) izy hanome hazavana ny maizina. I Jesosy, Izy Tenany, miresaka mivantana amin'izy ireo raha mizara ny Fanjakany amin'izy ireo.

Izany dia ny kintan'ny maraina izay hita maso, rehefa manomboka mamiratra ny fahazavan'ny masoandro. Rehefa tonga ny masoandrontsika, (Jesosy), dia tsy ilana intsony ny iraka, Izy no hitondra antsika ny Hafany hampifaly ny Tenany; Ary raha mitondra ny fanjakany Izy, ary isika miaina eo anatrehany, ny fahazavan'ny Teny dia hamirapiratra kokoa ao amin'ny androntsika lavorary. Inona no mbola irintsika ambonin'i Jesosy Izy Tenany?

Moa tsy ny zava-drehetra va Izy, eny ny Zava-drehetra Tanteraka? Izay manan-tsofina, aoka izy hihaino izay lazain'ny Fanahy amin'ny fiangonana. Amen. Na izany aza, Andriamanitra Tompo ô, amin'ny Fanahinao, aoka ho renay ny fahamarinanao.

www.believersnewsletter.org

Believers Newsletter

Email info.bnl.ministries@gmail.com